Ilay Sangan'Asa

Ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny ho an'ny vavaka. Raha mbola miondrika eo anatrehan'Andriamanitra ny fontsika sy ny lohantsika, izaho—izaho dia manontany hoe firy ato no manana fangatahana izay tian'izy ireo ho tsarovan'Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny fananganana ny tànanareo fotsiny? Ankehitriny, hazòny ao am-ponareo ny fangatahanareo ankehitriny raha mivavaka isika.

2 Tompo Jesosy, Ianao ilay—ilay Loharano, Loharanon'Aina tsy mety ritra, no aoka hikoriana ao aminay androany, Tompo, ka hanadio anay amin'ny tsi-finoana rehetra sy ny ota rehetra, mba hahafahanay mijoro eo amin'ny Fanatrehanao ankehitriny, mahafantatra fa misy ilaina eo anivonay, mba ho fantatray fa mpanota izahay ary tsy—tsy mendrika ny fitahiana rehetra. Fa mieritreritra Azy Izay tonga ka naka ny otanay kosa izahay amin'izay fotoana izay! Noho izany, rehefa eto ny Ràny, izany dia tsy—izany dia tsy izahay no eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, izany dia Izy. Izany dia ny feonay fotsiny amin'ny alàlan'ny Ràny. Ny Ràny no miteny. O Andriamanitra, noho izany dia diovy ny fonay amin'ny ota sy ny tsi-finoana.

3 Omeo anay ireo irian'ny fonay, satria tena anananay marina tokoa ireo faniriana hanompo Anao ireo. Ao amin'ireto toeran'ny fahalemena sy fahoriana ireto, ary ireo zavatr'izao tontolo izao izay apetraka eo aminay indraindray, mba hahatanteraka anay; efa nolazaina anay izany. Noho izany dia hoy Izy hoe, "Aza eritreretina ho mahagaga raha tonga ireo fizahan-toetra." Miasa fotsiny izy ireny ho an'ny soa ho anay sy hahatanteraka anay, ary hitondra anay eo amin'io toerana io. Ireo tany efitra lehibe an'ny fahatsapana, izay namolavolana an'ireo lehilahy marina ho masina, izahay—izahay dia misaotra Anao ny amin'ireo fahatsapana ireo, Tompo. Tsy ho tianay mihitsy, tsy misy fomba itiavanay hanao zavatra mifanohitra amin'ny Sitraponao. Fa mivavaka izahay, Ray, mba ao amin'izany no hitondrana anay hanakaiky kokoa Anao.

4 Ary rehefa tena mavesatra ireo entana izay tsy ahafahanay mandeha lavitra intsony, amin'izay fotoana izay dia manangana ny tànanay izahay ary miantsoantso amin'ny Rainay. Amin'izay fotoana izay dia mihainoa avy any An-danitra, Tompo.

Sitrano izahay, ataovy salama izahay, noho ny amin'ny Fanjakan'Andriamanitra.

Tahio ny Teninao izao maraina izao, Tompo. Ny Teninao no Fahamarinana.

5 Ary mivory eto am-piangonana izahay ankehitriny. Mivavaka ho an-dRahalahy Neville izahay, sy ho an-dRahalahy Capps, sy Rahalahy Collins, ary ny sisa rehetra amin'ireo mpitoriteny, sy ireo—sy ireo mpitantan-draharaha, ireo diakona, sy ny mpiangona rehetra, ary ireo vahiny ato amin'ny vavahadinay. Enga anie ity no ho andro iray izay ho tsarovanay ela, noho ny Fanatrehanao.

6 Eto izahay eo ambanin'ny fiandrasana lehibe izao maraina izao, Tompo. Tamin'ny fotoana farany mihitsy vao nilazana, nantsoina hiaraka. Tsapanay fa ho an'ny tanjona iray izany. Enga anie ny Tanjonao no ho tanteraka, Tompo. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay, raha manolotra ny tenanay izahay. Amena.

7 Mahafinaritra ny tonga eto sy mivory miaraka amin'ity fiangonana feno olona ity. Tsy nampoiziko ny mba hisian'ny olona iray eto izao maraina izao, satria izaho dia saika tsy nahafantatra, ny tenako, hoe ho tonga eto aho.

8 Vao avy tany Philadelphia izahay. Ary noho izany dia tonga aho, nieritreritra fa tsy maintsy handeha any Arizona haingana mihitsy, satria nanana fotoam-pandevenana ho an'ny sakaizako iray aho, Captain Jim Moseley, tovolahy iray tena sarobidy, masina izay notarihiko teo amin'i Kristy vao tsy ela akory izay, ireo Moseley telo mirahalahy. Fa nianjera ny anankiray tamin'izy ireo, ary tao anaty fiaramanidina indray andro, ka maty teo no ho eo. Nandry tao anatin'ny afo nandritry ny ora folo talohan'ny nahatongavan'izy ireo teo aminy. Noho izany i Lee dia valo amby roapolo taona, ny vadiny dia enina amby roapolo, ary—ary namela ankizy kely telo; ny zokiny indrindra, dia fito taona. Tena mampalahelo. Ary izy ireo . . . Rehefa nentin'izy ireo izy, tamin'izay fotoana izay dia tsy maintsy nodoran'izy ireo izy ny ampitso. Noho izany fotsiny aho . . . Tsy afaka nandeha aho. Ary nanoratra fotsiny aho, na nandefa tamin'ny alàlan'ny telegrama, an'izay tokony ho lazaiko, na izay saika ho lazaiko amin'ny fandevenana an-dRahalahy Moseley. Ny sasany amin'ireny zavatra ireny dia tsy mety ho azontsika, kanefa Izy no manao ny zavatra rehetra hiasa tsara fotsiny.

9 Eto isika ao amin'ny asan'ny Tompo, izao maraina izao, mahafantatra fa—fa—fa mino an'Andriamanitra isika, ary mino isika fa Izy no hanao ny zavatra rehetra ho tsara marina tokoa. Tsy mampaninona na inona na inona ilay izy, sy hoe ahoana no fiasany, fantatsika fa izany dia "hiasa ho an'ny soa." Izy no nampanantena an'izany. Tsy maintsy ho tahaka an'izany fotsiny ilay izy. Indraindray dia tsy mety azontsika izany, lasa tena sarotra amin'ireo fotoana, kanefa fantatsika

fa izany no Fahamarinana, satria ny Baiboly no milaza fa izany no Fahamarinana. Ary ny Baiboly, amintsika, dia Andriamanitra amin'ny endrika soratra.

10 Ankehitriny, tsy maintsy mametraka ny finoantsika any ho any isika. Ary raha—raha izaho na ny iray amintsika, eo amin'ny fiainana, no manandrana hahazo fahombiazana eo amin'ny fiainana ka lasa, matetika, mpanapitrisa, saingy inona no hataontsika amin'izany? Tsy maintsy ho tonga eo amin'ny faran'ny làlana isika, ka inona—inona no soa ho antsika amin'izay fotoana izay? Hitanareo? Ary ny vola dia—dia fananana vonjimaika, fanakalozana iray izy, saingy tsy azonareo hatakalo Fiainana izy. Andriamanitra irery ihany no manana Fiainana.

11 Noho izany isika—isika dia mahafantatra fa ao amin'ny endrika porofon-tsary iray isika. Ary raha mbola misy foana ny porofon-tsary iray, dia tsy maintsy misy ny tena izy iray. Tsy mety hisy porofon-tsary iray raha tsy misy tena izy iray, hitanareo, satria izany dia noho ilay tena izy izay manao an'ilay porofon-tsary. Tahaka ny nanananareo porofon-tsarin'ny sarin-javatra iray. Tsy maintsy misy zavatra iray any ho any, na hamely, ny hazavana no mamely an'ilay fitaratra, raha tsy izany dia tsy hisy ny—ny porofon-tsary iray. Noho izany rehefa hitantsika fa ny fiainantsika eto dia ao amin'ilay porofon-tsary, ka mahafantatra fa ao amin'ny endriky ny fiainana iray any ho any isika, amin'izay fotoana izay dia fantatsika fa misy tena izy iray any ho any izay voavelin'ilay hazavana, ary mitaratra zavatra iray eto an-tany eto izany. Ary isika dia io taratra io fotsiny ihany. Any ho any ilay zavatra tena izy. Raha tsy izany ilay izy, dia izaho no olona voafitaka indrindra eto amin'izao tontolo izao; nandany foana ny fiainako aho. Saingy fantatro, any ivelan'ny aloky ny fisalasalana, fa eo izany. Hitanareo? Izany no maha-eto antsika. Hitanareo?

12 Rehefa mahita anareo olona tonga manerana ny firenena aho, ao anatin'ny fotoana filazana fohy, ary indraindray dia manombatombana, amin'izay fotoana izay dia izany no manao ahy hahatsapa ho tena kely rehefa tonga ao amin'ny fivoriana tahaka an'izao aho; ny mieritreritra hoe fantatro fa misy olona eto izay nandeha nandritry ny an-jatony maily, mba ho eto fotsiny ho an'ny fotoana minitra vitsy, hipetraka eto fotsiny.

13 Vehivavy iray no vao avy nanao fanamarihana, niditra indray andro ka nanao hoe, "Asehoy ahy izay nandehanan'ilay lehilahy, ary avelao aho handeha aoriany, eo amin'ny tany," hoy izy, "dia ho salama aho." Ankehitriny, mino anareo tahaka an'izany ny olona, ary solontenan'i Kristy ianareo, noho izany dia inona no tokony hataontsika? Tokony hitandrina tsara isika, satria tsy ny tenanareo ihany no potehanareo amin'ny fahadisoana, fa potehanareo ny sasany izay manaraka anareo.

14 Noho izany, tsy mahafantatra anaram-piangonana aho na inona hitondrana anareo. Zavatra tokana ihany no ampidirako ny finoako. Raha mino ahy ianareo, dia araho izay lazaiko aminareo. Satria, mino ny Baiboly aho, izany no Tenin'Andriamanitra. Ireo zavatra hafa dia levona. Izaho fotsiny dia . . . Izy no Fiainana. Izy no Teny.

15 Ankehitriny, fantatro fa ianareo . . . Rehefa tonga eto aho, dia mihazona anareo ela. Nivavaka tamin'Andriamanitra aho, rehefa tsapako fa toy ny hoe mila tonga eto aho androany. Efa nanana fihaonana sy antso marobe aho, sy ny sisa. Tsy maintsy nihaona tamin'ny sasany tamin'izy ireo aho androany maraina. Ary hoy aho hoe, "Eny, tsy isalasalana fa hangataka ahy hiresaka Rahalahy Neville." Tamin'ny Zoma izany. Dia hoy aho hoe, "Hangataka ahy hiteny angamba Rahalahy Neville. Ary rehefa hiteny aho, amin'izay fotoana izay dia hivavaka aho hoe, Andriamanitra . . . " Tena mafana be ny andro, tena nafana be. Ary tsara fanahy Izy ka nandefa orana ho antsika ary nampiato an'ilay hafanana tafahoatra, dia nanome antsika maraina tsara iray izao maraina izao. Mivavaka aho mba ny Fahatsarany no hampandro ny tsirairay avy aminareo rehetra, mba hahatsiarovanareo mandrakariva fa teto izao maraina izao. Enga anie ny Fahasoavany sy ireo fitahiany ho eo aminareo!

16 Omaly hariva dia namangy sakaiza iray izay narary aho, Rahalahy Bill Dauch. Tsy mahita azy aho eto izao maraina izao. Na ahoana na ahoana, dia tsy mahita aho. Oh, io izy io. Izy dia . . . Hia. Ary nieritreritra aho hoe, "Lehilahy antitra iray iraika amby sivifolo taona, nefa mbola mandeha toy ny tafio-drivotra manerana ny—ny firenena, mandalo an'ireo tany efitra, sy eny amin'ireo tendrombohitra feno oram-panala ary ireo làlana malama. Tsy tokony hanao an'izany izy. Tsara taminy Andriamanitra; tsy tokony hanao an'izany izy. Afaka nipetraka tany an-trano izy ary naka an'ireo mpiasa hikopakopaka azy, raha tiany." Saingy, nisy zavatra nitranga tamin'i Bill Dauch, nateraka indray izy. Ary rehefa izany, dia nisy zavatra niditra tao am-pony, ny hanatrika an'ireto fotoana ireto fotsiny no antony hivelomany. Ary noho izany raha tsy maintsy ho vavan'Andriamanitra aho, dia hamitaka sakaiza iray ve aho? Aleoko maty. Noho izany avelao aho hiteny aminy marina tokoa an'izay Fahamarinana avy ao amin'ity Baiboly ity. Noho izany, dia Tenin'Andriamanitra izany. Mamerina fotsiny an'izay Nolazainy aho.

Ankehitriny dia te-hamaky sasantsasany avy ao amin'ny Baiboly aho.

17 Alohan'ny hamakiantsika, dia tiako ny—ny hilaza hoe rahariva dia fandraisana hariva. Ary ianareo izay eto an-toerana . . . Mazava ho azy, ireo olona hafa angamba dia

hiverina hody any an-tranony, satria tsy maintsy hiasa izy ireo. Ianareo izay eto an-toerana ato amin'ny fiangonana, tsarovy, hanolotra ny fandraisana ireo rahalahy rahariva.

18 Ankehitriny, miandry ny antso farany ho an'i Afrika aho. Izy ireo dia tsy tia, tsy hamela ahy hiditra toy ny misionera iray. Noho izany ny fomba tokana hahafahako miditra, any . . . handeha ho any Kenya aho, Uganda, ary—ary Tanganyika. Ary ny fomba tokana hahafahako miditra . . . Voalohany, tsy hamela anareo hiditra ireo fiangonana, satria izy ireo dia mila ahy hitory zavatra eo amin'*ity* lafiny ity sy *itsy* lafiny itsy, any Afrika any. Ary tsy hiditra tahaka an'izany aho. Ho tena mpihatsaravelatsihy aho raha manao an'izany. Noho izany na izaho hiteny amin'izy ireo hoe, "Tsia, tompoko, hitory fotsiny ihany an'izay apetrak'Andriamanitra ao am-poko aho, dia izay ihany." Hitanareo? Ary azoko antoka fa tsy ho izany no ezahan'izy ireo hampianariko. Noho izany, ireo batisa trinitera, sy ny sisa tahaka an'izany, ary hifamaly amin'izy ireo. Tsia.

19 Fa efa nangatahana ho ao amin'ny fivoriambe iray aho, avy tamin-dRahalahy Boze. Efa madiva ho tonga eo amin'ny fahitana mazava tsara an'izay inoantsika mihitsy izy. Ary noho izany dia nangatahana aho hiditra toy ny hoe handeha ho an'ny dia fihazana iray. Raha avelan'izy ireo miditra aho, toy ny hoe handeha hihaza . . . Raha afaka mahita olona iray aho hilaza fa haka ahy hihaza izy ireo, amin'izay fotoana izay rehefa tafiditra any aho, ilay dokotera—ilay dokotera izay ao amin'ny ambasady any, dia sakaizako manokana, avy any Chicago. Ary vantany vao tafiditra any aho, dia hilaza izy hoe, "Eny, indro eto Rahalahy Branham. Avelao izahay hanao fivoriana iray." Noho izany, rehefa tonga any aho, tsy afaka handà ahy ny ambasady. Raha izy ireo . . . Noho izany dia miezaka mandamina an'izany izy ireo ankehitriny. Noho izany dia matoky aho fa izany . . . Raha izany no sitrapon'Andriamanitra, dia tahaka an'izany no ho fiasany. Hitanareo? Izany—izany dia napetraka Taminy fotsiny. Raha tsy izany, hilazako ianareo amin'izay fotoana izay. Izaho tsy . . .

20 Raha izany no ho sitrapon'Andriamanitra, amin'izay fotoana izay, dia tiako ny hiresaka eo amin'ireo Trompetra Fito. Ary eo amin'ny fotoana valo andro eo izany, ka tsy ho eto amin'ny tabernakla isika, angamba. Hiezaka hahazo toera-malalaka iray eto izahay.

21 Ankehitriny tsy nieritreritra mihitsy aho, ny amin'io toera-malalaka vaovao vao avy naorina eto io, tena eo amin'ilay toerana izay nahitako an'i Jesosy voalohany marina tokoa tao amin'ny fahitana ilay izy. Ankehitriny dia voaorina ilay izy, toera-malalaka voaorina eo amin'ilay toerana iray

ihany. Nandeha teo mihitsy aho indray andro, mba hijery. Rehefa nijery aho ka nahita Azy nijery nankany atsinanana, tsaroanareo ny nandrenesana ahy niteny an'izany, rehefa nivavaka ho an'ny raiko tany aho; ary—ary zazalahy kely iray, zazalahy mpitory teny iray fotsiny. Teo no nahitako Azy. Namindra, nijery Azy; nanodina ny Lohany tany amin'ny ilany tsy nisy ahy Izy. Nanohy nandeha nanodidina aho, nanadio ny tendako, tao amin'ny sahan'anjavidy iray. Ary nanohy nandinika aho, fa tsy nitodika mihitsy Izy. Niantso ny Anarany aho avy eo hoe, "Jesosy." Dia nihodina Izy, nanatsotra ny Sandriny, ary izay ihany no tsaroako mandra-pahatongan'ny fiposahan'ny andro. Ary noho izany dia niverina tao amin'ilay saha aho, hatramin'ny fiposahan'ny andro.

Noho izany dia hamela ahy hitory an'ireo Trompetra eo ireo angamba ny Tompo. Na aiza ilay izy na aiza, dia ny sitrapon'Andriamanitra anie no aoka hatao.

22 Avadiho ny Baibolinareo ankehitriny, ao amin'ny Isaia ny dimampolo-. . . toko faha-53-n'ny Isaia.

Ankehitriny, matoky isika fa Andriamanitra no hitahy ny ezaka kelintsika ny amin'ny fahatongavana miaraka izao maraina izao. Vao avy tany Philadelphia izahay, izay nisy ahy tao amin'ny Full Gospel Business Men's convention, ary nihaino an'ireo fijoroana vavolombelona samifaha sy ny sisa, tany.

23 Avy eo aho, teny an-dàlana, izaho dia. . . Izaho sy Billy Paul, sy Rebekah ary ny zanakavavy kelin'i Collins, Betty Collins kely. Ary i Billy dia tena mpatory tsara iray, fa i Becky no tsaratsara kokoa, ka noho izany aho. . . Niresaka izaho sy i Betty. Ary nipetraka tao aoriana niaraka tamin'i Becky izy, tao amin'ny seza aoriana. Dia nahita zavatra iray aho teny an-dàlana, nitranga; ary, rehefa nahita aho, dia nisy zavatra nandona ahy. Ary i Betty, raha eto izy, nahamarika izy fa nijanona tsy niresaka aho ary nanomboka nandray naoty zavatra iray. Teo no nahitako an'ity lohahevitra ity ho an'izao maraina izao.

24 Ankehitriny ndao isika hitsangana. Raha isika. . . Ankehitriny mitsangana isika ho voninahitry ny Tenin'Andriamanitra, raha mamaky ny Isaia ny toko faha-53 aho.

Iza no *nino ny teny nampitondraina anay? ary iza no nampisehoana ny sandrin'ny* TOMPO*?*

Mariho, fanontaniana izany, eto am-panombohana.

Fa naniry teo anatrehany tahaka ny voly malemy iray izy, ary tahaka ny faka iray ao amin'ny. . . tany karakaina: izy dia tsy nanana *endrika na fahatsaran-tarehy; ary rehefa hijery azy isika, dia tsy misy hatsaran-tarehy haniriantsika azy.*

Izy dia natao tsinontsinona sy nolavin'ny olona; *lehilahin'ny* alahelo,. . .*zatra fahoriana: ary isika dia niafina ka nampiala ny endrintsika taminy; natao tsinontsinona izy, ary tsy nahoantsika izy.*

Izy dia *nitondra tokoa ny* fahoriantsika, *ary* dia *nivesatra ny alahelontsika: nefa isika dia nanao azy ho nokapohina, nasian'Andriamanitra, ary nampahoriana.*

Nefa izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika, notorotoroina izy noho ny helotsika: ny famaizana ho an'ny fiadanantsika dia natao teo aminy; ary tamin'ny dian-kapony no *nahasitranana antsika.*

Isika rehetra dia efa tahaka ny ondry nania; samy efa nivily ho amin'ny làlantsika manokana isika; ary ny Tompo dia *nametraka* teo *aminy ny helotsika rehetra.*

Nampijaliana izy, ary. . .nampahoriana, nefa izy tsy nanokatra ny vavany: izy dia *nentina toy ny zanak'ondry iray ho any amin'ny mpamono, ary tahaka ny ondry eo anatrehan'ny mpanety azy. . . moana, koa dia tsy nanokatra ny vavany izy.*

Nalaina niala tao amin'ny fonja sy tao amin'ny fitsarana izy: ary iza no hanambara izay ho taranany? fa nofongorana niala tamin'ny tanin'ny velona izy: fa ny fahadisoan'*ny oloko* no *nikapohana* azy.

Ary nanao ny fasany tao amin'ny ratsy fanahy izy, ary teo amin'ny mpanan-karena tao amin'ny fahafatesany; satria izy dia *tsy nanao herisetra, sady* tsy *nisy fitaka teo am-bavany.*

Nefa sitraky ny Tompo *ny hanorotoro azy; izy. . . nampahory azy: rehefa* hanao *ny fanahiny ho fanatitra ho an'ny ota ianao, dia hahita ny taranany izy,* ary *izy hanalava ny androny, ary ny hafalian'ny* Tompo *dia hambinina eo an-tànany.*

Ary *hahita ny fisasaran'ny fanahiny izy, ka ho afa-po: amin'ny fahalalany dia ho* maro *ireo* mpanompo *marina* hohamarinina. . .*maro; fa izy no hitondra ny* helok'*izy ireo.*

Koa izaho dia *hizara aminy anjara amin'ny lehibe, ary. . .hizara an'ireo* babo *amin'ny mahery; satria izy* dia *nandrotsaka ny fanahiny tao amin'ny fahafatesana: ary natao ho isan'ny mpanota; ary izy no nitondra ny* fahotan'*ny maro, sady nanao* fanelanelanana *ho an'ny mpanota.*

25 Andriamanitra Ray, ny Teninao dia Fanilo, ilay Hazavana izay manazava ny làlan'ny mpino tsirairay ho ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, raha mitarika anay tahaka ny

fanaovan-jiro iray eo an-tànanay Izany. Tsy nanomana ny ampy mba hahitanay ny farany hatrany amin'ny voalohany Ianao, ary, saingy mandeha amin'ny finoana aho. Fa tahaka ny lehilahy iray mandeha mitety ala maizina iray amin'ny alina, dia eo no misy anay; ilay hazavana izay hazoniny, dia manomana fotsiny isaky ny dingana. Fa ilay làlana, izay mitarika miakatra, dia mandeha fotsiny miaraka amin'ny Hazavana. Ary enga anie ilay Hazavana hamiratra eo amin'ny Teny androany, mba hitarika anay eo amin'ny dingana anankiray lavidavitra kokoa ho any amin'ny Fanjakan'Andriamanitra. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

Mahazoa toerana.

26 Ny lohateny izay tsapako ho resahina amin'ny fiangonana androany dia: *Ilay Sangan'Asa.*

Mety ho toy ny hafahafa raha ny marina ny mandray ny—ny Soratra vakiana tahaka an'ity, an'ny—an'ny anankiray amin'ireo sary fanorotoroana sy famonoan'olona indrindra ao amin'ny Baiboly, izay ilazan'ny Baiboly, hoe, "Io Mpanompo tanteraka izay nampahoriana io, sy notorotoroina, ary noviraviraina," kanefa dia maka lohahevitra avy amin'izany, toy ny hoe, *Sangan'Asa.* Tena hafahafa. Saingy izaho dia . . .

27 Mieritreritra ny fisainako, izao maraina izao, raha miverina any aoriana isika, izay ataoko, nandritry ny taona vitsy. Nasaina ho any Forest Lawn aho, any—any California, any ambonin'i Los Angeles. Ny tanjoko voalohany nandehanako tany dia ny hitsidika ny—ny fasan'i—i Aimee Semple McPherson, ilay mpanorina ny hetsika Foursquare. Ary nandeha tany amin'ny—ny fasany aho. Ary izaho—izaho na dia tsy mifanara-kevitra amin'ilay vehivavy aza, amin'ny maha-mpitoriteny, nefa, na izany aza, ao am-poko, dia manome fankasitrahana sy fanajana aho ho—ho an'izay notohanany, tao amin'ilay—ilay ora, sy ilay fanenjehana sy ny sisa izay tsy maintsy niaretany, sy tamin'ny fotoana naha-teto an-tany azy. Ary koa ho an'ny—ny zanany malala, izay sakaizako akaiky, Rolf McPherson.

28 Ary vondrona mpitoriteny iray, nandeha tany izahay. Ary izy ireo . . . tsy nanam-potoana izahay nandehanana tao amin'ny—ny . . . tao amin'ny—ny toerana izay ananan'izy ireo an'ilay fandoroana faty, sy hametrahana an'ireo—ireo vatana ao anatin'ny—ny boaty kely iray eo amin'ny sisin'ny rindrina.

29 Fa manana zavatra sasantsasany mahavariana izy ireo ao anatin'izany, toy ny hoe ilay Sakafo Farany. Ary azavain'ny hazavan'ny masoandro mihitsy izany. Ary izy ireo—izy ireo dia manana varavarankely izay manome azy ireo . . . Rehefa miditra izy ireo, dia mazava ilay izy; ary avy eo vao—vao

manomboka miteny izy ireo, dia miha-maizina ilay izy. Ary lasa maizina tanteraka ilay izy afaka kelikely, dia mivoaka ny olona. Ary manana ny Sakafo rehetra izy ireo.

30 Ary ilay vehivavy izay nihazona ny tsiambaratelon'ny hoe ahoana no fikapohana an'io fitaratra io ao amin'io toerana io, nahoana, hanaovana an'ireo sary ireo, nahoana, izany—izany dia niampita tamin'ny fianakaviana iray, nandritry ny taona maro tany aoriana. Ary nomena fotsiny an'ireo ankizy ilay tao-zavatra, ka ny farany indrindra dia vehivavy. Ary teo am-panamboarana an'io sary io izy ireo. Fa rehefa nandeha namolavola sy nandoro an'ilay—ilay fitaratra izy ireo, nahandro azy, ny an'i Jodasy Iskariota, dia nitresaka ilay izy. Noho izany nandraman'izy ireo indray izany, dia nitresaka indray. Fa hoy izy hoe, "Angamba tsy tian'ny Tompontsika ny sarin'ny Fahavalony ho eo Anilany." Ary hoy izy, "Raha mitresaka indray ity, dia tsy hahafeno an'ilay sary isika." Saingy nihazona ilay izy tamin'io fotoana io. Noho izany, mazava ho azy, zavatra iray nanaitra izany, sy hoe ahoana no nitrangan'ny zavatra tahaka an'izany.

31 Fa, avy eo, ny anankiray tamin'ireo zavatra lehibe izay nahaliana ahy tany Forest Lawn, dia ny an'i Michelangelo, ilay sary sokitra malaza, ilay—ilay tsangambaton'i Mosesy. Izany dia ny—ny kopia no teo, mazava ho azy. Tsy ilay tany am-boalohany izany, saingy izany dia tena toy ny—ny sangan'asa lehibe iray. Ary raha nitsangana aho ka nijery an'izany, izaho—izaho dia tia an'ilay izy, zavatra iray izay toy ny hoe (maneho) misy zavatra iray amin'ilay izy.

32 Tia tao-zavatra aho, tena tia tokoa. Mino aho fa ao amin'ny tao-zavatra Andriamanitra. Mino aho fa ao amin'ny mozika Andriamanitra. Mino aho fa ao amin'ny natiora Andriamanitra. Manerana Andriamanitra. Ary ny zavatra izay mifanohitra amin'ny tany am-boalohany dia fanimbàna. Ao amin'ny fandihizana Andriamanitra; fa tsy ilay karazana fandihizana izay ataonareo eto. Fa rehefa ao amin'ny Fanahin'Andriamanitra ireo zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra, hitanareo, dia izany no fandihizana. Fa raha tahaka an'ilay tsy maintsy hiaretantsika hatramin'ny roa ora maraina, eny amin'ilay làlan-kely, izany no fanimbàna an'ilay izy.

33 Fa, ity, ary ilay sangan'asa izay i Michelangelo no—no nanao azy, izany—izany dia nisy vidiny iray ny fanaovana an'izany—izany. Lehilahy malaza iray izy, ary ny vidin'izany dia ny ampahany lehibe iray teo amin'ny fiainany, satria tao anatin'ny taona maro, maro no nisokirany. Naka vato iray fotsiny sy—sy avy amin'ny vato fotsy, dia manohy misokitra an'izany. Ary, hitanareo, ilay lehilahy irery ihany, ilay mpanao sokitra izy tenany, no manana ao an-tsainy an'izay ezahany

hatao. Izy, izy no tokana. Mety mandeha ianareo ka milaza aminy hoe, “Hanaovana inona no ikapohanao an’io vato io?” Ho an’ilay ety ivelany, izay tsy mahafantatra an’izay ao am-pony, dia hadalana izany. Fa ho an’ilay lehilahy kosa, ilay mpanao sokitra izy tenany, izy—izy dia manana ny—ny fahitana tao an-tsainy, hoe inona no ezahany hatao, ary miezaka izy ny hamokatra indray an’izay ananany ao an-tsainy amin’ny endriky ny—ny tsangambato iray. Izany no antony handavahany an’ilay izy avy ao amin’ireo vato.

34 Ary izany, mba hanaovana, dia tsy maintsy manomboka tsara ianareo, tany amin’ny voalohany, ary tsy maintsy manaraka an’ilay modely. Hitanareo? Tsy afaka maka silany kely iray ianareo, mba hanombohana hoe, “Hataontsika tahaka an’*izao* ilay izy; tsia, mino aho . . .” Tsia, tsy maintsy manana modely marina iray izy. Ary ao an-tsainy no ananany an’io modely io. Ary tsy afaka hivily hiala amin’io modely io izy. Ankehitriny, mba hanaovana an’izany, dia tsy maintsy nanao sary tao an-tsainy izy, satria tsy manana ny tena sarin’i Mosesy isika, nefa tsy maintsy maka sary ara-tsaina iray tao an-tsainy izy, an’izay naha-tena izy marina tokoa an’i Mosesy.

35 Ankehitriny, ny mpanao sokitra iray tena izy dia voatsindrimandry, tahaka ny poety iray tena izy, na mpihira tena izy, mpitendry mozika, na mety ho inona ilay izy. Ny tena izy rehetra dia tsy maintsy tonga amin’ny alàlan’ny tsindrimandry. I Michelangelo dia tsy maintsy nanana ny tsindrimandry ny amin’ny hoe toy ny ahoana marina i Mosesy. Ary voarainy tao an-tsainy izany, izay tsy maintsy naha-izy an’i Mosesy. Noho izany dia nanomboka teo amin’io vatan-kazo fotsy lehibe io izy, ny fandidiana an’ilay modely, sy nanamboatra, ary nanitsy, mandra-pahazoany an’ilay tena modelin’izay tsy maintsy haha-izy azy tao an-tsainy.

36 Ary avy eo rehefa vitany tanteraka izany rehetra izany, ny zorony rehetra niala, ary ny toerana rehetra voakosoka, ary maso tena mety mihitsy, ny volo rehetra, sy ny volombava, ny rehetra arak’izay naha-izy azy mihitsy, dia nihemotra izy ka nijery an’izany. Izaho—izaho dia mieritreritra an’ireo—ireo taon-tsarotra maro, maro an’ny asa mafy, sy ny hoe ahoana no nihazonany an’io fahitana iray io ihany hatramin’ny farany, tao an-tsainy, ny amin’izay hataony. Ary eritrereto fotsiny, ilay fahitana tao an-tsainy nandritry ny taona marobe, hanaovana an’ilay izy tena hitovy marina mihitsy amin’izay naha-izy azy! Nahazo an’ilay fahitana izy aloha, sy ny hoe ahoana no tokony hiasany amin’io fahitana io, mandidy sy manamboatra! Ary rehefa vitany teo amin’izay nahatanteraka azy izany, mandra-pahatongany ho tena tanteraka; dia nitsangana izy ary nijery an’izany rehefa nahavita izy tamin’io maraina io, niaraka tamin’ny maritoa teny an-tànany.

Ary tena voatsindrimandry loatra izy rehefa nijery an'izany, satria ilay fahitana avy tao an-tsainy no nitsangana teo anatrehany, tao amin'ny fisiana. Izay efa hitany, ary ilay . . . ny fiheverany ny amin'izay naha-izy an'i Mosesy, dia vita sary teo anatrehany teo izany, izay efa nananany tao am-pony nandritr'ireo taona rehetra ireo. Ary ireo fiaretana, sy ireo oran'ny alahelo sy fahoriana, sy ireo fanakianana, sy ny zavatra hafa, kanefa dia mbola nijanona tsara tamin'ilay fahitana izy mandra-pahafenon'izany.

37 Ary tamin'izay fotoana izay rehefa feno ilay izy, dia nihemotra niaraka tamin'ilay maritoa izy, na ny maritoan'ny mpanao sokitra, teny an-tànany, dia nijery an'ilay tsangambato izy. Ary ny tsindrimandrin'ilay fahitana izay efa hitany, ny amin'ny hoe ahoana no hanaovana azy, no nanindrimandry azy loatra hany izy ka . . . Namely azy ilay tsindrimandry hany izy ka tsy tompon'ny tenany intsony, dia nikapoka an'ilay izy teo amin'ny lohaliny, ka nanao hoe, "Mitenena!"

38 Ankehitriny dia misy kilema iray eo amin'io sary lehibe io, eo amin'ny lohalika, eo amin'ny lohalika havanana. Eo ambonin'ilay lohalika mihitsy, eo amin'ny enina inches eo, dia misy toerana iray (napetrako teo amin'izany ny tànako) toy *izao* ny halaliny.

39 Rehefa avy nandany an'io fotoana rehetra io izy, nandritry ny taona sy taona, mba hanaovana an'io; avy eo teo ambanin'ny—ny fitarihan'ny fahitana dia nahatanteraka an'izay efa hitany tao am-pony sy tao amin'ny fahitany, ka naniry ny hahita, dia feno ilay izy. Ary rehefa feno ilay izy, dia tena voatsindrimandrin'izany loatra izy hany ka nieritreritra izy fa ny sangan'asany manokana dia tokony hiresaka aminy. Ary nokapohiny teo amin'ny lohaliny izany, ka niantso mafy hoe, "Mitenena!" Ary izany no nanao an'ilay kilema teo amin'ilay izy. Nametraka kilema iray teo amin'ilay sary izany.

40 Ho ahy, ilay kilema no nanao an'ilay izy ho sangan'asa. Ankehitriny, angamba amin'ny—ny saina izay mety mieritreritra hafa, dia mihevitra ianareo fa izany no nanimba azy. Tsia, ho ahy, dia izany—izany no nanao an'ilay izy haha-izy azy. Izany—izany . . . Satria taorian'ny taona marobe an'ny asa voatandrina tsara sy ireo fiaretana, ary tsindrimandry, sy ny sisa, tamin'ny fanamboarana azy, ny fiaretany dia voaporofo fa tsy foana. Tanteraka ilay izy, ary izany no antony niantsoantsoany hoe, "Mitenena!" Satria, efa hitany teo anatrehany izay (efa) mety ho vitany, mba hahatonga an'ilay fahitana izay tao an-tsainy ho voaseho. Ary noho izany, teo ambanin'ny tsindrimandry, dia nahavita zavatra iray ivelan'ny fandanjalanjana izy, ivelan'ny mahazatra. Nopakohiny izany, ary niantso mafy hoe,

"Mitenena!" Hitanareo, tsy ho nanao an'izany izy raha mba nieritreritra. Saingy tsy nieritreritra izy. Ny tsindrimandrin'ny fahitana izay nananany tao an-tsainy no nipetraka tanteraka teo anatrehany.

41 Ireo fiaretany, sy ireo hasasarany, sy ireo alina lava, sy nihidy an-trano lavitra an'izao tontolo izao nandritry ny andro maro, ary angamba nihinana mofo misy hena iray. Ary—ary nikosoka an'izany, dia niverina, ary, "Tsia, tsy izao mihitsy no tokony naha-izy azy. Ankehitriny ilay izy dia tokony hiverina eto amin'*ity,*" dia nikosoka an'izany. Avy eo rehefa hitany izany, tanteraka mihitsy, tamin'izay fotoana izay izy no nahita tao amin'ny fisiana. Lasa tena nisy ilay porofon-tsary izay tao an-tsainy, lasa tena izy izany, koa dia nitsiry tao aminy izany. Ary tena nisy tokoa ilay izy ka tsy maintsy niantsoantso izy hoe, "Mitenena!"

42 Ho ahy, dia taratra iray izany. Izany dia—izany dia fankasitrahana iray ho an'ny asany, hoe nanindrimandry azy loatra ilay asany manokana, ka lasa tsy tompon'ny tenany intsony izy mba hamely an'ilay izy sy hiteny hoe, "Mitenena!"

43 Nijoro tany aho ary nijery an'ilay tsangambato. Nieritreritra ny amin'ireo ora izay tsy maintsy natokan'ilay lehilahy aho, tamin'ny fanamboarana an'izany. Nolazain'izy ireo hoe firy taona ilay izy. Saingy izany—izany dia taratra iray ho azy, satria izany dia fanampiana iray ho an'ny—ho an'ny tao-zavany lehibe, ny asany lehibe ny amin'izay nataony. Ary farany rehefa vitany ny nanatanteraka an'izany, dia tena lehibe izany.

44 Ankehitriny ndao isika hamadika ny pejy, ny amin'i Michelangelo, ka hanakatona ny boky.

Ary ndao isika hanokatra Boky iray hafa ka hamaky ny amin'ilay Mpanao sokitra lehibe, ilay Tsitoha. Izay, talohan'ny nisian'izao tontolo izao iray, ary talohan'ny nametrahana an'ireo fanorenana, dia efa Nananany tao an-Tsainy izay Tiany, ary Tiany ny hanao ny olona amin'ny Endriny Manokana. Tiany ny hanao zavatra ao amin'ny—ao amin'ny fisiana avy amin'ny fahitana iray ho Azy, izay nisy tao amin'ny Eritreriny.

45 Ankehitriny, ho an'i Michelangelo, dia toetra iray an'ny fisainany izany.

Ary te-hanao olona iray araka ny Endriny Andriamanitra, ilay Mpanao sokitra lehibe, ka nandeha nanamboatra azy Izy. Ary mahamarika isika rehefa namoaka avy tao amin'ireo fitaovana Izy. Ny voalohany angamba dia trondro, ary avy eo ny vorona, ary—ary avy eo ireo zavatra mandady amin'ny tany, ary—ary ireo zavatra maro izay Nentiny. Fa, farany, raha nanomba Izy, amin'ny maha-Mpamorona, Izy dia . . . Tsy tahaka ny olona Izy, ankehitriny, mpanao sokitra iray izay

tsy maintsy haka zavatra izay efa voaforona, mba hanaovana sary iray. Izy dia Mpanao sokitra an'ireo zavatra Mandrakizay. Izy no Mpanao sokitra izay afaka mamorona ka mitondra eo amin'ny fisiana an'izay Nananany tao an-Tsainy mba hatao. Na, amin'ny teny hafa, Izy dia afaka manamboatra fitaovana izay irian'ireo Toetrany.

46 Ary rehefa nanomboka niasa teo amin'ireo zavatra mandady Izy, tahaka an'ireo—ireo—ireo biby kely eto ambonin'ny tany. Ary avy eo Izy dia nanomboka namoaka an'ilay izy avy ao amin'izany ho ao amin'ny zavatra hafa, ambony kokoa. Avy eo Izy tamin'ny farany dia nitondra an'izany tao amin'ireo biby lehibe kokoa, toy ny liona, tigra, bera. Avy eo Izy dia nitondra an'izany tao amin'ny—ny—ny fiainan'ireo—ireo gidro sy rajako angamba, sy ny sisa. Ankehitriny, tsy fivoarana iray, tahaka ny heverintsika hoe ny anankiray dia avy amin'ny fi-. . . Famoronana feno izany; Andriamanitra miasa ao amin'ny modely iray.

47 Fa farany nipoitra teto an-tany, ny fahatanterahana, dia ny olona izany. Ary afaka nijery tao amin'io olona io Izy tamin'izay fotoana izay, hoe tahaka Azy izy. Noho izany ankehitriny rehefa nijery azy Izy, dia izy no taratr'izay Mpamorona azy. Efa afaka nahavita an'ilay zavatra izay Tiany Andriamanitra ankehitriny, olona iray araka ny Endriny Manokana.

48 Ary noho izany aho dia afaka milaza, ho an'izao, hoe, rehefa nanao an'io olona io Izy, dia nisy zavatra iray mikasika azy izay mbola tsy nety tsara mihitsy, satria izy—izy dia irery. Ary efa toy izany Andriamanitra, Irery; Mandrakizay Izy. Ary ilay olona ankehitriny, araka ny endrik'Andriamanitra, dia nisy irery koa teto an-tany. Noho izany dia tsy maintsy namely kapoka kely teo amin'ny ilany havia Izy, ary avy tao no Nangalany an'ilay silaka izay nesorina avy tamin'izany ka nanamboarany mpanampy ho azy, vady iray, avy eo dia tsy irery intsony izy. Izy dia—izy dia, nanana olona iray niaraka taminy izy. Ary izany no Asany lehibe.

49 Ary, Izy, tahaka ny hangalan'ny mpanao sokitra malaza rehetra ny—ny—ny sangan'asany. . .

Ankehitriny, voalohany, dia nanana ny sangan'asan'ny Tenany Izy. Ary Hitany ankehitriny fa irery ilay sangan'asa, tahaka Azy, noho izany dia Nosarahany ilay sangan'asa tamin'ny fikapohana tao amin'ilay ilany ka namoaka mpanampy iray.

50 Ary ankehitriny, mba anaovana ny roa ho iray, dia Napetrany izy ireo, tahaka ny mpanao sokitra malaza rehetra, tao amin'ny toerana iray izay—izay mahafinaritra.

Ny—ny mpanao sokitra dia tsy hanao sangan'asa lehibe iray, nefa avy eo dia hitondra azy ka hametraka azy

eo amin'ny làlan-tery iray any ho any, na hanafina azy ao ambadik'ireo tranobe. Araka ny nolazain'ny Tompontsika tamintsika hoe, "Tsy misy olona mandrehitra jiro ka mametraka azy ao ambanin'ny vata famarana." Rehefa lasa sangan'asan'Andriamanitra isika, dia tsy afenina ao amin'ny làlan-tery iray any ho any. Isika—isika dia tsy maintsy manome Hazavana.

51 Noho izany dia hitantsika fa—fa Izy, rehefa avy nanao an'io sangan'asa io Izy, dia Napetrany teto ambonin'ny tany izany, ary napetrany tao amin'ny toerana mahafinaritra indrindra izay nisy, tao amin'ny sahan'i Edena. Napetrany ny Sangan'asany, ny roa lasa iray, tao amin'ny sahan'i Edena. Toy ny ahoana no tsy maintsy nahafaly Azy tamin'izany, hoe Hitany fa tsara io sangan'asa io. Izy, taorian'izany, hitantsika fa nitsahatra Izy; tena faly tokoa Izy tamin'ny Asany.

52 Ankehitriny tsarovy fa, araka ny hevitro, ny sangan'asa dia ilay fikapohana izay nanimba an'ilay Mosesy sangan'asan'i Masindahy Angelo tao amin'ilay tsangambato.

Ary izany no fikapohana izay nandidy ny ilan'ny Sangan'asany, izay namoaka ny ampakarina. Ary ankehitriny dia hitantsika fa fianakaviana sangan'asa iray tao amin'ny sahan'i Edena izy ireo. Nahafinaritra toy ny ahoana izany! Ary tena nahafaly Azy izany, hany Izy—Izy ka niala sasatra avy eo. Hoy Izy hoe, "Izaho, Izaho dia hitsahatra."

53 Fa raha mbola nitsahatra Izy ary natoky ny Sangan'asany, dia niditra ny Fahavalony ka nahita an'io sangan'asa lehibe io. Ary izy, tamin'ny alàlan'ny famitahana, izy—izy dia mandady eo ambanin'ireo—ireo rindrin'ilay saha, ary avy eo izy—izy dia nanimba an'io sangan'asa nahafinaritra io. Izy—izy no nanimba an'izany, mba hahafahan'izany—izany ho lavo.

54 Ankehitriny dia miezaka aho ny mandinika an'io famantarananandro io. Ary nangataka an'i Mike aho, ny zana-drahalahiko, mba hampaneno an'ilay lakolosy afaka telopolo minitra, saingy izaho . . . Tsy nataony izany, ary efa telopolo minitra izay no vitako. Saingy, izany dia, hanohy kely isika. Hitanareo? Ankehitriny, izaho dia tsy tia ny—ny nandrava an'ireo fitsipika ireo. Izaho—izaho no nanao an'ireo fitsipika ireo, hitanareo, ary izaho—izaho . . . ary izao no hoe mandrava an'ireo fitsipikareo manokana.

55 Ankehitriny mariho, avy eo, io sangan'asa io. Rehefa norombahan'i Satana izany, ilay mpamitaka, namaky teo amin'ireo rindrina, dia—dia nosimbainy io sangan'asa io. Satria izany ilay fomba nanaovany azy, inona . . . Ahoana no nanaovany azy? Hiditra amin'ny antsipirian'izany bebe kokoa aho. Ahoana no nanaovany azy, dia . . . Io sangan'asa io dia voarindrina tamin'ny Teny, ny Tenin'Andriamanitra.

Ary ilay sangan'asa, izy tenany, an'ilay fianakaviana, dia namafisina tamin'ny alàlan'io Teny io. Saingy ilay ampahany niendaka, izay nendahina avy tamin'ny tany am-boalohany, dia nandeha tany ivelan'ilay rindrina, izany no manome anjara an'i Satana hanimba azy. Ary ankehitriny satria fantatrareo izay inoako eo amin'ireo zavatra ireo, noho izany dia tsy mila ny hiteny an'izany aho. Fa potika ilay sangan'asa.

56 Fa, ilay Mpanao sokitra lehibe, rehefa Hitany ny fahalavoan'ny Fianakaviany, ilay sangan'asa, dia tsy Sitrany ny namela azy nandry fotsiny teo, niankohoka, sy rava. Nandeha niasa Izy, avy hatrany, mba hanorina azy indray. Tsy Sitrany ny hahafaty azy, handry eo tahaka an'io foana. Satria, Andriamanitra Izy, ary tsy ho resy Izy. Noho izany, nandeha niasa avy hatrany Izy ary nanomboka nanorina, indray, araka ny Endriny Manokana, olona iray.

57 Ankehitriny, hitantsika fa tonga ilay izao tontolo izao talohan'ny safo-drano ka nandrava ny zavatra manontolo, satria ireo fanekena izay natao, dia natao ara-fepetra hoe, "Raha tsy manao an'*ity* ianao, na manao an'*itsy* ianao." Andriamanitra, ilay Mpanao sokitra lehibe, efa nahita fa ny olona dia tsy afaka—tsy afaka mihazona ny fanekena. Tsy afaka manao an'izany mihitsy izy. Tsy misy fomba fotsiny mihitsy.

Teo amin'ilay fihaonana fotoana vitsy lasa izay dia niresaka tamin'ny olona iray aho tao amin'ny efitra, izay manatrika ankehitriny. Hoy izy, "Fa, Ranadahy Branham, manana zavatra be loatra aho ka izaho—izaho dia mahafantatra fa ratsy izany," ary—ary vehivavy kely iray masina.

58 Hoy aho hoe, "Fa—fa, jereo, ranabavy, aza mijery ny tenanao ianao. Ilay izy fotsiny dia hoe inona ny fanirianao ary inona no ezahanao hatao. Ary raha tena tia ny Tompo tokoa ianao, miezaka ny hanompo Azy amin'ny fonao rehetra ianao, ary amin'izay fotoana izay dia voafina ao amin'ny Ràn'ny Tompo Jesosy ny fahadisoanao rehetra." Hitanareo? Hitanareo, Izy no nanao ny làlana.

59 Noho izany nanomboka Izy ankehitriny, nanala ny olona tao amin'ireo Fanekeny, izay—izay nilazana hoe, "Raha hanao ianao, dia hanao Aho." Ary nanomboka niaraka tamin'ny lehilahy nantsoina hoe Abrahama Izy, ka nanome fanekena iray an'i Abrahama, tsy nisy fepetra. Isaky ny nanomboka sangan'asa iray Izy, dia nalain'i Satana izany, satria ny Teny. . . Fa rehefa nanomboka tamin'i Abrahama Izy, dia hoy Izy hoe, "Efa Vitako izany." Ankehitriny ity dia tsy misy fepetra, tsy hoe izay. . . hoe—hoe, "Raha hanao ianao, dia hanao Aho," fa, "Efa Vitako izany." Ankehitriny Izy, ilay—ilay Mpanao sokitra, dia nanapa-kevitra ny hanana an'io sangan'asa io.

60 Avy eo, avy tamin'i Abrahama, no tonga ireo patriarka. Ary ireo patriarka tena . . . Ankehitriny inona no ataon'Andriamanitra? Manorina indray an'io sangan'asa izay efa lavo io Izy. Noho izany, tao amin'ireo patriarka, ny voalohany izay hitantsika dia i Abrahama.

61 Ankehitriny diniho, ny sangan'asa rehetra dia apetraka eo amin'ny fanorenana iray, sokitra iray. Ny tsangambaton'i Mosesy an'i Angelo dia teo ambonin'ny silaka vato fotsy iray telo na efatra dian-tongotra. Manana fanorenana iray izany. Noho izany, Andriamanitra, teo am-panamboarana an'io sangan'asa io, dia Napetrany teo amin'ny fanorenan'ireo patriarka izany. Ary ny fanorenan'ny patriarka, voalohany, dia Abrahama, avy eo Isaka, avy eo Jakoba, avy eo Josefa, ireo zorony efatra.

62 Ary, ankehitriny, Abrahama no fanorenan'ny finoana. Ndao ataontsika hoe nanana fanorenana efatra izany. Ny fanorenan'ny finoana dia Abrahama. Ny fanorenan'ny fitiavana dia Isaka. Ny fanorenan'ny fahasoavana dia Jakoba, ny fahasoavan'Andriamanitra teo amin'i Jakoba; mahafantatra an'izany ny olona rehetra. Fa tao amin'i Josefa kosa ny fahatanterahana, teo no Nahafahany nametraka an'ilay tsangambato; tsy teo ambonin'ilay fanorenana voalohany, ilay fanorenana faharoa, ilay fanorenana fahatelo, fa teo amin'ilay fanorenana fahefatra.

63 Naneho an'i Kristy i Abrahama, mazava ho azy; toy izany koa Isaka, tao amin'ny fitiavana. Izany Abrahama, tao amin'ny finoana; izany Isaka, tao amin'ny fitiavana; izany Jakoba, tamin'ny alàlan'ny Fahasoavany. Satria, *Jakoba* dia midika hoe "mpamitaka," ary izany izy, saingy ny fahasoavan'Andriamanitra no niaraka taminy. Fa rehefa tonga teo amin'i Josefa izany, dia tsy nisy na inona na inona manohitra azy, ratra kely anankiray fotsiny, satria ny fanorenana dia tsy maintsy sangan'asa iray ihany koa. Rehefa niteny tamin'ny rainy izy, ilay mpaminany, "Lazao amin'i Farao fa ny ankohonanao dia—dia mpiompy biby fa tsy mpiandry ondry, satria ny mpiandry ondry dia fahavetavetana iray ho an'ny Egyptiana."

64 Fa rehefa tonga teo anatrehan'i Farao ilay mpaminany antitra, dia hoy izy hoe, "Ireo mpanomponao dia mpiandry ondry." Koa izany no nandratra an'ilay izy, hitanareo, izany no mbola manao an'ilay izy ho sangan'asa foana.

65 Ankehitriny dia mipetraka ireo fanorenana, tamin'ny alàlan'ny finoana, fitiavana, fahasoavana, ka hatramin'ny fahatanterahana, tamin'ny alàlan'ireo patriarka.

66 Ankehitriny ilay asa ho an'ny vatana izay tonga teo amin'io sangan'asa lehibe io dia ireo mpaminany, izay ny Teny. Manantena aho fa afaka mamaky an'izany ianareo. Hitanareo?

Ireo mpaminany; fa tsy ireo lalàna! Ireo mpaminany, satria ireo mpaminany no Teny voamarina izay manao an'ilay vatana; fa tsy ireo patriarka. Ireo mpaminany, izy ireo no Teny.

67 Farany, rehefa nanomboka Izy tany aoriana tany tamin'ny andron'i Mosesy dia tonga tamin'ny alàlan'ireo mpaminany, tamin'ny tsirairay avy. Ary, farany, nanorina an'ilay vatana, tonga niha-nanakaiky kokoa hatrany. Ary ny lehibe indrindra tamin'izy rehetra dia i Jaona. Ny Baiboly no niteny an'izany. Jesosy no niteny an'izany. "Tsy misy olona, amin'izay natera-behivavy, ka lehibe noho i Jaona Mpanao-batisa," satria izy no anankiray izay afaka nampiditra ny Teny.

68 Ary avy eo dia tonga, farany, ilay Loha lehibe, ilay Lohan'io rehetra io. Niresaka ny amin'Izany fotsiny ny sisa tamin'ireo vatana. Napetraky ny patriarka ny fanorenana; fa ny vatana no naorin'ny Teny, izany dia ireo mpaminany; ary indro tonga ilay Lohan'io rehetra io, tonga teo amin'ny sehatra Jesosy. Teo, rehefa voapetraka teo ambonin'izany io ampahany Loha io, dia hitantsika ao Aminy ilay asa-tànan'Andriamanitra manontolo. Hitantsika ao Aminy ilay taratra tanteraka an'ny Teny, satria Izy no Teny, ny fahafenoan'ny Teny. Ankehitriny, indray, dia manana an'ilay Sangan'asa tanteraka indray Andriamanitra.

Araka ny nolazain'i Isaia hoe, "Indro Ny Mpanompoko, Ny Sangan'asako, izay efa Nasehoko nandritry ny taona rehetra avy tamin'io Anankiray tanteraka ho avy io. Ary indro Izy mijoro mihitsy eo Anatrehako, tanteraka iray!" Eo, araka ny Endriny Manokana, manome taratra an'Andriamanitra! Satria Izy no nilaza, ao amin'ny Masindahy Jaona 14 hoe, "Raha mahita Ahy ianareo, dia mahita ny Ray ianareo."

69 Ary, avy eo, "Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra," ary ny Teny dia namboarina ka nanome taratra an'izay naha-izy ny Teny tany amin'ny voalohany. Izy, ny Teny, dia nanome taratra tao amin'ilay Sangan'asa izay tao amin'ny Sariny Manokana, Andriamanitra miverina indray ao amin'ny Sariny Manokana, ilay endrika Teny manome taratra ao amin'ny endrik'olona, ilay Sangan'asa.

70 Nanana kilema ny mpaminany rehetra; ireo rehetra ireo dia ampahany iray avokoa. Fa eto, tamin'ny farany, nivoaka avy tao amin'izany, tonga ilay Sangan'asa tamin'ny farany, ilay Anankiray tanteraka, tsy nisy fahadisoana mihitsy tao Aminy, tena taratra tanteraka an'ilay Mpanorina Izy tenany, hita taratra tao amin'ny Asany ny Endriny Manokana. "Andriamanitra sy Kristy dia Iray," hany ka Napetrany tao Aminy Ny Fanahiny Manokana, ary tamin'izay fotoana izay na ilay endrika sy ilay Mpanorina aza dia lasa Iray. Andriamanitra sy ny Asa-sokitrany, Ny Sangan'Asany! Fa i Mose—Mosesy dia, tao amin'ilay asan'i Masindahy Angelo, dia

ny . . . na Michelangelo, raha ny marina; dia a—asa-sokitra iray izay maty, satria vita avy tamin'ny vato izany. Fa eto, ilay Tompo Mpanorina, rehefa Nataony tanteraka ny Asa-tànany, dia nitsofoka tao anatin'Izany Izy.

71 Tena nahatanteraka Mpanavotr'olona iray, tena tanteraka, tena masina; kanefa, tsy nisy hatsaran-tarehy haniriantsika Azy. Rehefa lasa tanteraka io Zanak'Andriamanitra velona teraka ara-virijiny io, sy nanetry tena, ary araka ny endrik'Andriamanitra, hany ka ilay Tompo lehibe Izay nampita Ny Ainy tamin'ny alàlan'ireo mpaminany . . . Ary Izy no fahatanterahan'ireo mpaminany rehetra. Tena tanteraka loatra Izy, hany ka, teo am-pahitana an'izany Andriamanitra, dia Nokapohany Izy ary niantsoantso hoe, "Mitenena!" tahaka ny nataon'i Michelangelo. "Mitenena!"

Hoy ianareo hoe, "Izany tokoa ve?"

72 Masindahy Marka 9:7, mahita isika, teo amin'ny Tendrombohitra Fiovan-tarehy, rehefa nitsangana teo i Mosesy, ny lalàna, nitsangana teo i Elia, ireo mpaminany. Ny tany aoriana rehetra tany nanomboka tamin'ireo patriarka, ireo ray, ny lalàna, ireo mpaminany, ary izy rehetra ireo dia nitsangana teo. Mandre Feo iray isika midina avy ao amin'ny rahona, ka nanao hoe, "Ity no Zanako malalako; henoy Izy!" Ary raha hihaino izy ireo, dia tsy maintsy hiteny Izy. Andro vitsy fotsiny talohan'ny nikapohana Azy izany. "Ity no Zanako, Izay Sitrako hitoerana. Efa Novolavolaiko Izy. Efa efatra arivo taona izao no Nitondrako Azy teo amin'izao. Ary ankehitriny, dia tena tanteraka Izy, tsy maintsy hikapoka Azy Aho mba Hahafahany miteny. Henoy Izy! Izy ilay Anankiray tanteraka. Izy, Izy ilay Sangan'asa."

73 Tsarovy, voaseho nandritry ny fotoana rehetra Izy, nanerana ny Testamenta Taloha.

Hitantsika Izy amin'ny maha-Vatolampy tany an-efitra, izay nokapohana, Vatolampy tany an-efitra. "Izaho io Vatolampy izay tany an-efitra io." Saingy izany dia vato iray izay tsy mbola tonga teo amin'ny fahatanterahany. Fa tamin'ny endrika tandindona no nanarahan'Izany ny fiangonana, mba hahafahana hisintona avy amin'Izany an'izay Azony nosintonina, hanome Fiainana ho an'ireo izay Azony omena Fiainana. Fa Izy io Vatolampy tany an-efitra io. Tsy mbola natao ho olona Izy. Tao amin'ny tandindona fotsiny Izy.

74 Nahita Azy nitsangana teo amin'io Vatolampy io i Mosesy. Nahita Azy nandalo izy, ka hoy izy hoe, "Ampahan-damosin'olona izany." Hitanareo, ilay Mpanao sokitra no naneho tamin'i Mosesy, hoe izany no endrik'i Kristy mbola tsy vita, hitovy amin'izany ilay Sangan'asa lehibe rehefa tanteraka Izy. Nampandaloviny Ny . . . Izy

no nanatsofoka, na—na nampiseho tamin'i Mosesy an'ilay fahitana ny amin'izay hitovian'ilay Sangan'asa. Izany dia ampahan-damosin'olona, rehefa nandalo tany an-efitra Izy.

75 Tsarovy, niantsoantso sy nikapoka an'ilay sary fotsiny ihany no azon'i Angelo natao, ary nanao hoe, "Mitenena!"

Fa hafa toy ny ahoana ilay izy tamin'Andriamanitra, ilay Mpanao sokitra lehibe. Rehefa nanao ny olona araka ny Endriny Manokana Izy, dia tena tanteraka ka nanome taratra Azy Izany, niteny tamin'ny alàlan'ilay endrik'olona Andriamanitra, naneho an'izay Hataony. Niteny tamin'ny alàlan'ireo mpaminany Izy raha mbola tao anatin'ireo endriny mbola tsy vita izy ireo, raha nitondra an'izany teo amin'ilay Loha Izy. Fa rehefa tonga teo amin'ilay Loha Izy, dia Izy no endrik'Andriamanitra manontolo; naneho ny Tenany Izy. Avy eo, nokapohana ho antsika, ankehitriny dia Izy no Sangan'asa ho antsika, ilay Fanomezan'Andriamanitra, Jesosy Kristy, Fiainana Mandrakizay. Manantena aho fa tsy hadinontsika mihitsy izany.

76 Raha mahita ny andro miha-maizina isika, raha mahita an'ireo aloka milatsaka isika! Fa, milaza mialoha aho hoe, "Ilay izy dia fihodinan'ny masoandro vitsivitsy fotsiny sisa. Vita ity firenena ity." Fantatrareo ve. . .

Omaly, fahefatra Jolay. Nanao sonia ny fanambarana ny fahaleovantena i Thomas Jefferson, izy sy ilay komity izay niaraka taminy, ary naneno ny Liberty Bell, dia nanambara fahaleovantena iray isika, amin'ny maha-firenena iray. Araka ny tantara, dia tsy mbola nisy mihitsy demokrasia iray hatramin'izay naharitra mihoatra ny roan-jato taona. Ary tamin'ny 1776 izany, fahefatra Jolay. Ary iraika ambin'ny folo taona fotsiny sisa no tavela ho antsika. Hahavita an'ilay izy ve izany? Tsia, tsy mahavita, hitanareo. Iraika ambin'ny folo taona. Ary, raha vitany izany, dia izany no handrava ny tantara rehetra.

77 Ary hitantsika ny toeran'ny fotoana. Hitantsika ny toeran'ny olona. Hitantsika ny toeran'ny politika. Hitantsika ny toeran'izao tontolo izao. Tsy afaka haharitra izy. Tsy maintsy hilentika izy, tahaka an'i Titanic. Tsy maintsy rendrika izy, ho an'ny fanomezan-toerany. Ny firenena anankiray dia manome toerana ho an'ny iray hafa, rehefa mirodana izy. Ary tsy maintsy mirodana ity fanjakana ity, sy ny fanjakana hafa rehetra, mba hanome toerana an'ilay Fanjakana izay ho avy, izay tsy mety mirodana. "Satria isika dia mandray Fanjakana iray tsy azo hozongozonina," amin'ny alàlan'ity endrik'Andriamanitra tanteraka ity, ilay Sangan'asa.

78 Andriamanitra, rehefa nijery Azy Izy, dia tena voatsindrimandry Izy! Izy dia tena. . .ny fahitana Azy tamin'ny fomba Nijereny, sy ny fahitana ny—ny Endriny,

dia tena voatsindrimandry Izy fa izany no ho Sangan'asa tanteraka an'ny Mpanavotra iray, Jesosy ilay Mpanavotra. Noho izany, Andriamanitra, mba ho voakapoka, Izy tenany; satria, mba handoavana an'ilay Saziny Manokana, lasa Iray Andriamanitra sy Kristy, noho izany dia afaka nokapohana tao amin'ilay Endrika Andriamanitra, afaka noratraina Izy. Ary izany no nilazan'i Isaia hoe, "Isika dia nanao Azy ho nokapohina sy nampahorian'Andriamanitra. Nefa Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika, notorotoroina Izy noho ny helotsika; ny famaizana ho an'ny fiadanantsika dia natao teo Aminy, ary tamin'ny Dian-kapony no nahasitranana antsika."

79 Ilay Endrika tanteraka, ilay Andriamanitra-Olona! Andriamanitra, tao amin'ny *en morphe*, dia niova avy tamin'ny Ivelan'ny voajanahary ho amin'ny fahitana, ary ny fahitana dia naseho tao amin'ilay Endrika. Ary ilay Endrika dia nokapohana mba hahafahan'ilay Ivelan'ny voajanahary hanandrana ny fahatsapan'ny fahafatesana, Sangan'asan'Andriamanitra tanteraka.

Tsy afaka nanao an'izany tao amin'i Mosesy Izy. Tsy afaka nanao an'izany tao amin'ireo mpaminany Izy; Isaia, izay voatsofa tamin'ny tsofa mandra-pahatonga azy ho voatsofa potipotika. Tsy afaka nanao an'izany tao amin'ireo mpaminany izay notoraham-bato Izy. Tsy afaka nanao an'izany Izy, satria tsy afaka nahatsapa an'izany Izy; ampahany iray ny Aminy fotsiny no teo.

Fa tao amin'ity Sangan'asa tanteraka ity, dia Izy no fahafenoan'ny Maha-Andriamanitra ara-batana. Tsy Mosesy fotsiny ihany no Azony naseho; afaka naneho ny Vatany manontolo tao amin'io Olona io Izy, ka nanandrana ny fahafatesana ho an'ny taranak'olombelona manontolo. Sangan'asan'Andriamanitra tanteraka! Andriamanitra, tena voatsindrimandry tamin'ny fahitana an'Izany, dia lasa Mpanavotra tamin'ny taona rehetra Izy; mba hisolovava an'ireo izay tany amin'ny lasa, izay efa nisy tany aloha, sy ny ankehitriny.

80 Ny teny fikasana rehetra dia notanterahina tao Aminy. Izy no Fahatanterahan'ny fahatanterahana. Ireo tandindona rehetra dia tanteraka tao Aminy; ny Havana Mpanavotra antsika, tao amin'i Rota sy Boaza; ny Mpanome-lalàna antsika, avy teo amin'ny Tendrombohitra Sinay; ny Mpaminanintsika, avy tany an-efitra, rehefa avy teny an-tendrombohitra Izy, rehefa avy tany an-efitra Izy; rehefa avy tany amin'ny Mandrakizay Izy ka lasa olona, ilay Endrika tanteraka!

81 Andriamanitra, nandritry ny taona, nanamboatra foana, tamin'ny alàlan'ireo patriarka, ka nanamboatra ny Toeram-pijoroany, ary nampandalo azy ireny tamin'ny zavatra samihafa mba Hahafahany mametraka an'io fanorenana io

eo amboniny. Teo ambonin'io no Nanombohany nanorina ny Teniny, ireo mpaminany. Ary avy eo, farany, dia tonga teo amin'ilay Mpaminany tanteraka, ilay Fanorenana tanteraka, ilay fahitana tanteraka izay nananan'Andriamanitra.

82 Ary ankehitriny, mba hanaovana an'io hiteny, Izy no Teny. Ary mba hitenenan'ny Teny, dia tsy maintsy miditra ao anatin'ilay Endrika Izy. Ary avy eo mba hitenenan'ilay Endrika, dia tsy maintsy nokapohana izany. Niditra tao amin'ilay Endrika Izy, ary avy eo mba hitenenana, ilay Mpanavotra tanteraka.

83 Notanterahina tao Aminy ireo tandindona rehetra an'ny Testamenta Taloha. Araka ny nolazaiko indray andro, Jehovah-n'ny Testamenta Taloha no Jesosin'ny Vaovao. Eny.

84 Tahaka ny maro aminareo, lehilahy, vehivavy, amin'ny taonako; isika taloha dia nanana, nanerana ny firenena, mpanasa lamba Sinoa marobe. Rehefa nanomboka niditra voalohany ny Sinoa, dia avy tany amin'ny Morontsiraka Andrefana izy ireo, nifindra niatsinanana, avy tany amin'ny firenena Tatsinanana, nifindra nanketo. Ary rehefa nifindra izy ireo, dia vahoaka izay tsy mahay ny tenintsika sy ny fombantsika, saingy olona mpanasa lamba tsara izy ireo. Ary tsy nahay nanoratra an'ilay tapakila izy ireo mba hahafahanareo hahazo an'ilay tena lambanareo hiverina.

Fa, ilay Sinoalahy, maka andiana karatra kely ho an'ny tenany izy izay tsy misy na inona na inona mihitsy eo amin'izany. Noho izany rehefa tonga ianareo ho an'ny lambanareo, dia hanome anareo an'io karatra io izy ka handrovitra an'izany amin'ny fomba iray; ary hanolotra anareo tapany anankiray, ka tehiriziny ilay tapany hafa. Ary, ankehitriny, tsaratsara kely kokoa noho izay ananantsika ankehitriny izany, satria rehefa miverina ianareo mitaky an'izay anareo manokana, dia tsy maintsy mitovy ireo tapany roa ireo. Tsy azo alain-tahaka izany raha hanao ianareo. Tsy misy fomba hanaovana an'izany. Afaka manao dika maro amin'ny taratasy ianareo, saingy tsy afaka maka tahaka an'io fandrovitana io ianareo. Tsy maintsy mifanaraka tsara amin'ilay tapany hafa izany. Noho izany, ireo lambanareo maloto izay nentinareo tao, dia azonareo avotana amin'ny alàlan'io tapakila io izy ireny, satria mitovy tsara amin'ilay tapakila izay nomena izany.

85 Ary rehefa Andriamanitra, tamin'ny alàlan'ireo mpaminany, sy teo ambanin'ny lalàna, no nanameloka antsika tamin'ny ota; ary ny lalàna dia tsy manana fahasoavana, milaza aminareo fotsiny izany hoe mpanota ianareo. Fa rehefa tonga teo amin'ny sehatra Jesosy, Izy no fanatanterahana, Izy no—no fanatanterahana ny zavatra rehetra izay nampanantenain'Andriamanitra. Izy

no endrika tanteraka, nitovy tamin'ilay teny fikasana. Noho izany, ireo teny fikasana rehetra an'ny Testamenta Taloha dia notanterahana tao amin'i Jesosy Kristy. Tsy afaka notanterahana tao amin'i Mosesy izany, tsy afaka notanterahana tao amin'ireo mpaminany rehetra izany, fa notanterahana tao amin'ilay Sangan'asa izany. Nitovy tsara tamin'izay Nolazainy fa haha-izy Azy izany.

Ho toy izany koa no tsy maintsy hahatonga an'ilay Fiangonana ho fitoviana tsara amin'ny zavatra rehetra izay nampanantenain'Andriamanitra. Izy dia tsy maintsy ilay tapany izay nendahina avy tao amin'Izany. Noho izany raha ny Teny no ilay tany am-boalohany, dia ho toy izany koa no hahatonga an'ireo vahoaka izay nesorina avy tao amin'Izany ho ny Teny, mba hitovy tsara amin'ny Ilany.

86 Noho izany, ilay Sinoalahy, afaka mitaky ianareo... Fa, ny lalàna dia manameloka anareo ka nilaza fa maloto ianareo, ary meloka ianareo, ary afaka nametraka anareo tao am-ponja. Fa rehefa tonga Izy, dia Izy no Tapany-mitovy tsara ho an'izany, izay afaka mamoaka anareo; ary mamerina anareo, mba—mba ho ilay tapakila feno, ilay fanavotana izay nampanantenain'Andriamanitra tany amin'ny sahan'i Edena tany. "Ny Taranakao dia hanorotoro ny lohan'ny menarana. Fa, ny Ombelahitongony no hanorotoro—hanorotoro ny lohany."

87 Ankehitriny dia hitantsika io Sangan'asa tanteraka izay vitan'Andriamanitra io. Ankehitriny, mahamarika isika fa Izy io rehetra izay nampanantenaina fa hisy io. Izy no teny fikasana rehetra, ireo faminaniana rehetra, ny zavatra rehetra izay nanaovan'Andriamanitra ny teny fikasana. "Ny Taranakao dia hanorotoro ny lohan'ny menarana." Ankehitriny, tsy afaka nanorotoro an'izany tamin'ny lalàna Izy, tsy afaka nanorotoro an'izany tamin'ireo mpaminany Izy, fa Nataony izany rehefa lasa Sangan'asa ilay Taranaky ny vehivavy, Kristy. Izy ilay Vato izay hitan'i Daniela niendaka avy teo amin'ny tendrombohitra. Izy ilay Anankiray izay afaka nikapoka. Izy ilay Anankiray izay afaka nanorotoro, nanorotoro ny lohan'ny menarana.

88 Ny Fiainany dia nitovy tsara, marina tokoa, tamin'ny fiainan'i Mosesy. Ny Fiainany dia nitovy tsara tamin'i Davida. Ndao jerentsika raha izany ilay izy, raha Izy no Tapany-mitovy tsara.

89 Mariho i Davida, mpanjaka nolavina iray, teo amin'ireo vahoakany manokana. Izy dia...Indray andro raha izy...Ny zanany manokana no nitsangana nikomy nanohitra azy, ary nosarahany sy nozarainy ireo tafiky ny Isiraely. Ary izy dia, Davida, dia voaroaka, na noroahan'ny vahoakany manokana, niala teo amin'ny seza fiandrianany.

Ary teny amin'ny làlany, dia nisy lehilahy iray izay nankahala azy, ary nandeha teo izy, ka nandrora an'i Davida. Namoaka ny sabany ilay mpiambina, nanao hoe, "Havelako hipetraka eo aminy ve ny lohan'io alika io, izay nandrora ny mpanjakako?"

Hoy Davida hoe, "Avelao izy hipetraka tsara. Andriamanitra no niteny taminy hanao an'izany."

90 Tsy hitanareo ve? "Lehilahin'ny alahelo, zatra fahoriana. Mijoro toy ny Ondry Izy, eo anoloan'ny mpanety, moana." Izy ireo . . . Izy no nilaza an'izany. Angamba tsy fantatr'i Davida izay nolazainy.

Fa teo amin'ny dimy, eninjato taona taorian'izany, na mihoatra kely, dia nandeha tamin'ireo làlana ireo ihany ilay Zanak'i Davida, ary nororaina Izy. Fa mariho hoe inona no nitranga rehefa, Davida, avy tao amin'ny—avy tao amin'ny . . . rehefa lasa mpandositra iray izy; ary avy tao amin'ny sesitaniny, rehefa izy—rehefa niverina izy, dia nangataka fiadanana sy famindrampo io lehilahy io. Na dia ireo izay nikapoka Azy aza dia hahita Azy indray andro any rehefa miverina Izy.

91 Ary hitantsika avy eo, tao amin'i Josefa, fa zazalahy iray teraka tamin'ny fomba hafahafa i Josefa, ilay farany, ilay tampon'ny fanorenana, izay tsy maintsy hiorenan'ilay sangan'asa. Avy tao amin'ny finoana izany, dia nankao amin'ny fitiavana, dia nankao amin'ny fahasoavana, tonga tao amin'ny fahatanterahana izany. Ary toy izany koa ilay izy, avy teo amin'ny tongotra tany amin'ny voalohany, tonga tao amin'ny fahatanterahana tao amin'i Kristy. Mariho hoe ahoana fa voaseho teo amin'i Josefa Izy, ilay tampon'ny fanorenana, ilay tanteraka indrindra tamin'izy rehetra.

92 Hitantsika fa teraka teo amin'ny fianakaviany i Josefa. Ary izy dia tamin'ny alàlan'ny vehivavy ara-dalàna, tokoa, izay vadin'i Jakoba. Ary mariho, ihany koa, fa rehefa teraka izy, dia tia azy ny rainy; ary nankahala azy ireo rahalahiny, tsy nisy antony. Nahoana izy ireo no nankahala azy? Satria izy no Teny.

Hitanareo ve ilay tena fanorenana? Hitanareo ve hoe ahoana no nahatongavan'ilay lohan'ny fanorenana? Ankehitriny, jereo ilay Lohan'ny vatana, fa tonga. Ankehitriny diniho fa tonga ilay Lohan'ny Ampakarina. Izy no Teny.

Ary nankahala azy izy ireo satria izy dia mpahita iray. Nahita mialoha an'ireo zavatra izy, ary nilaza tamin'izy ireo. Nitranga izy ireo. Tsy nampaninona na hafiriana no naharetan'izany, fa nitranga foana ilay izy. Ary noho ny maha-ara-panahy, dia noroahin'ireo rahalahiny izy. Tokony ho nitia azy izy ireo. Saingy nankahala azy izy ireo, satria mpaminany iray ary ara-panahy izy. Dia nankahala azy izy ireo.

93 Mariho, namidy tamin'ny volafotsy telopolo teo ho eo izy; natsipy tao anatin'ny lavaka iray, ary noheverina ho maty, saingy nakarina avy tao an-davaka. Ary tamin'ny fotoan'ny fakam-panahy ho azy, tao an-tranomaizina; ilay mpitondra kapoaka sy ilay—ilay mpanao mofo, fantatsika fa voavonjy ilay mpitondra kapoaka ary very ilay mpanao mofo. Ary tao amin'ny tranon'ny fonjan'i Kristy, teo amin'ny hazo fijaliana, dia voavonjy ny anankiray ary very ilay anankiray hafa; mpangalatra anankiroa, mpanao ratsy anankiroa.

94 Ary mahamarika isika fa nesorina avy tao amin'ny fonjany izy, ho eo an-tànana ankavanan'i Farao; ka tsy nisy olona afaka niresaka tamin'i Farao, raha tsy tamin'ny alàlan'i Josefa irery ihany. Ary rehefa niala tamin'io seza fiandrianan'i Farao io i Josefa, dia naneno nanerana an'i Egypta ny trompetra, nivoaka ilay feon-javatra ka nanao hoe, "Mandohaleha, ny olona rehetra, tonga i Josefa!"

95 Ho toy izany koa ny amin'i Jesosy. Ahoana fa tian'ny Ray Izy, ary nankahalain'ireo rahalahy ara-anaram-piangonana, tsy nisy antony. Namidy tamin'ny volafotsy telopolo Izy, tahaka ny tamin'izany; ary natao tao anatin'ny lavaka, noheverina ho maty. Teo amin'ny hazo fijaliana; ny anankiray very ary ilay anankiray hafa voavonjy. Ary nakarina avy teo amin'ny hazo fijaliana; ka mipetraka eo an-tànana ankavanan'Andriamanitra, ao amin'ilay Fiandrianana, ilay Fanahy lehibe izay efa nanao taratra teo Aminy. Ary tsy misy olona afaka miresaka amin'Andriamanitra, raha tsy amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy irery ihany. Eritrereto izany! Ary rehefa miala amin'ilay Seza fiandrianana Izy, mandroso, "Haneno ny trompetra, ka ny lohalika rehetra hilefitra ary ny lela rehetra hiaiky."

96 Tsarovy, zanaky ny fanambinana izy. Ny zavatra rehetra izay nataony dia nambinina. Na tany am-ponja izany, na taiza izany na taiza, dia nandeha tsara izany.

Ary tsy nampanantena an'ireo Zanany ve Izy fa Izy no hanao ny zavatra rehetra hiara-hiasa hahasoa? Na aretina izany, tranon'ny fonja, fahafatesana, alahelo, na inona izany na inona, hiasa hahasoa an'ireo izay tia Azy izany. Izy no nampanantena an'izany, ary tsy maintsy tanteraka izany. Tsy maintsy ho eo izany. Ara-endrika izany, notenenina tamintsika tao Aminy. Izy ilay Endrik'Andriamanitra tanteraka. Ankehitriny dia hitantsika eto, ihany koa, fa rehefa tonga indray Izy . . .

97 Tsarovy, Josefa no namonjy an'izao tontolo izao tamin'ny alàlan'ny fanambarana, tamin'ny alàlan'ny faminaniany lehibe. Efa maty izao tontolo izao raha tsy noho ny amin'i Josefa.

Ary izao tontolo izao dia—dia efa maty raha tsy noho ny amin'i Jesosy. "Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra an'izao tontolo izao, dia Nomeny ny Zanany lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy." Mitahiry Aina Andriamanitra.

98 Afaka manohy sy manohy isika! Satria, fitoviana tsara tamin'i Davida fotsiny Izy. Fitoviana tsara tamin'i Mosesy Izy. Fitoviana tsara tamin'i Elia Izy. Fitoviana tsara tamin'i Josefa Izy. Ny zavatra rehetra izay naseho na voalaza mialoha tamin'ny Alàlany ao amin'ny Testamenta Taloha, dia nitovy tsara tamin'izany, (inona izany?) maneho Mpanavotra tanteraka iray. Mba, hahafahantsika mametraka ny lambatsika tranainy maloto ao amin'ilay fanasan-damba, mandeha mitaky azy indray. Efa voasasan'ny Ràn'ny Zanak'ondry izany. Mitaky an'izay antsika manokana isika. Ary ny zavatra rehetra izay Nahafatesany, dia azontsika takiana izany. Noho izany, Izy ilay Teny tanteraka, voaseho.

99 Sitrak'Andriamanitra, ilay Mpanao sokitra lehibe, ny hikapoka Azy, sy ny hanao an'ilay izy tahaka an'izany. Hitantsika Izy eto amin'ny Isaia, raha mamaky aho, "Isika rehetra dia nanao Azy, nanodina ny tarehintsika niala Taminy isika. Tsy misy hatsaran-tarehy haniriantsika Azy," niresaka ny Aminy ny olona rehetra, naneso Azy. Miresaka ny Aminy aho ankehitriny amin'izao andro izao, ny olona rehetra dia maneso Azy. Hitanareo? "Isika dia nanao Azy, nahita Azy." *Manao* dia midika hoe "mijery." "Isika dia nanao Azy ho nokapohina sy nampahorian'Andriamanitra." Kanefa, Izy, ho an'ny inona no Nanaovany an'izany? "Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika; Izy dia notorotoina noho ny helotsika."

100 Ankehitriny, afaka manohy sy manohy eo amin'izany isika, saingy mino aho fa manana ny sarin'izay tiako ho lazaina ianareo ankehitriny, Andriamanitra manorina indray Ny Sangan'asany.

101 Fa aoka isika tsy hanadino fa tany amin'ny voalohany rehefa nikapoka ny ilan'i Adama Izy, dia naka zavatra anankiray avy tao amin'ny ilany Izy.

Ankehitriny, ny fikapohana an'i Kristy dia ho an'ny antony iray, mba Hahafahany maka avy ao Aminy, anankiray, ho fianakaviana iray, ny Ampakarina; afaka naka Ampakarina iray ho Azy Izy. Noho izany rehefa tanteraka Ny Sangan'asany, tamin'izay fotoana izay dia tsy maintsy Nokapohiny Izany, mba haka avy tao Aminy; tsy tapany hafa iray, tsy famoronana hafa iray, fa avy amin'ilay famoronana iray ihany.

102 Ry rahalahiko, aza ratsy fandray an'izao, fa mieritrereta iray minitra. Raha naka avy tao Aminy Izy, an'ilay famoronana tany am-boalohany, mba hanao ny Ampakarina ho Azy, dia tsy nanao famoronana hafa iray mihitsy Izy. Naka ampahany iray avy tao amin'ilay famoronana tany am-boalohany Izy. Noho izany, raha Izy no Teny, tsy maintsy ho inona ilay Ampakarina? Izany dia tsy maintsy ho ny Teny tany am-piandohana, Andriamanitra velona ao amin'ny Teny.

103 Kimberley, Afrika Atsimo. Nijery an'ireo diamondra aho indray mandeha, hoe ahoana no nangalana azy ireo avy tao amin'ny tany. Ary hitako izy ireo nandry teo. Fa, eny, ny—ny mpiandraikitra ambonin'ilay ozinina, na ilay toeram-pitrandrahana, dia anankiray amin'ireo mpikarakarako ao amin'ny laharam-bavaka. Ary nomarihako ireo diamondra, mitentina an'aliny dolara, nangonina niaraka, saingy tsy namirapiratra izy ireo na dia teo ambanin'ny hazavana aza. Dia niteny tamin'ilay mpiandraikitra ambonin'ireo toeram-pitrandrahana aho, hoy aho hoe, "Nahoana izy ireo no tsy mamirapiratra?"

104 Hoy izy hoe, "Tompoko, tsy mbola voadidy izy ireo. Tsy maintsy voadidy izy ireo. Avy eo, rehefa voadidy izy ireo, amin'izay fotoana izay izy ireo vao mitaratra ny hazavana." Eo ianareo izao.

105 Tsy maintsy voadidy ilay Sangan'asa. Mariho, voadidy ho an'ny inona? Esorina ve ilay tapany? Tsia, tsia. Ilay tapany izay nesorina, izany no nanaovana ny fanjaitra victrola, ary ny fanjaitra victrola dia mipetraka eo ambonin'ny—ny—ny kapila iray izay mozika tsy hita maso ho an'izao tontolo izao. Fa ilay fanjaitra no mamoaka an'izany, mamoaka an'ilay fandikana marina ny Teny.

106 Nitovy tsara tamin'ny olona rehetra ny Fiainany. Sitrak'Andriamanitra ny nikapoka Azy. Ary, ankehitriny, nahoana Izy no nikapoka Azy? Ho an'ilay antony iray ihany izay tsy maintsy Nikapohany an'i Adama.

107 Ankehitriny isika dia mahita Azy novelesina, nokapohan'Andriamanitra ary nampahoriana, ilay Zanak'ondry tanteraka ho an'ny mpanota—voavono ho an'ireo mpanota, Sangan'asa tanteraka iray.

108 Ankehitriny, nandritry ny teo amin'ny roa arivo taona teo, no nanaovan'Andriamanitra Azy ho Sangan'asa iray indray. Satria, namely an'i Adama Izy mba hahazoana ny san-. . . tapany iray avy aminy, ampahany, taolan-tehezana iray mba hanamboarana vady ho azy. Ary ankehitriny io Sangan'asa tanteraka izay Novelesiny teo Kalvary io, naka tapany iray avy Taminy Izy. Ny Testamenta Vaovao fotsiny izany, izay ihany. Nanatanteraka ny Testamenta Taloha Izy. Ankehitriny izany dia ny Testamenta Vaovao, tapany hafa iray ho tanterahina. Hitanareo, ny Vaovao sy ny Taloha dia vady lahy sy vady vavy. Hitanareo? Ary izany dia nila ny Vaovao mba hane-. . . Ny Taloha mba haneho mialoha ny Vaovao; tonga i Kristy, ilay Sangan'asa, mba hanatanteraka an'izany. Ankehitriny dia ny Ampakariny no hanatanteraka ny zavatra rehetra izay ao amin'ny Testamenta Vaovao. Eo am-pahavitana ny Sangan'asa hafa iray.

109 Tahaka ny Nilàny efatra arivo taona hanamboarana an'io Sangan'asa io; ankehitriny Izy dia efa, nandritry ny roa arivo

taona teo ho eo no nanao Sangan'asa iray hafa, Ampakarina iray ho an'i Kristy, Sangan'asa hafa iray. Eo am-panaovana an'izany, dia Ataony tamin'ny alàlan'ny fomba Fiasany tsy miova mihitsy izany, ilay fomba iray ihany izay Nanaovany an'ilay Sangan'asa; Ny Teniny. Izany no fomba Anaovany Ny Sangan'asany, satria afaka ny ho Sangan'asa tanteraka fotsiny ihany Izy rehefa ny Teny tanteraka Izany.

Ny fotaka rehetra, fako, ireo natsofoka, ho rava izany. "Fa ny lanitra sy ny tany ho levona, fa ity Teny ity tsy ho rava mihitsy." Tsarovinareo, eo am-pandidiana diamondra iray, fa tsy maintsy manana fiasana tanteraka iray ianareo hanaovana an'izany, tsy ny fitaovana rehetra akory no hahavita an'izany. Efa nahita an'ireo mpitoto lehibe aman-taonina aho nikarantsana teo amin'izany mihitsy, ary nanosika an'ireo aman-taonina lehibe, nandalo teo amin'ilay diamondra mihitsy. Tsia, tsy mamotika an'ilay diamondra izany. Tsy maintsy didina izany.

110 Ankehitriny dia eo am-panaovana an'ilay zavatra mitovy Izy ao amin'ny fomba Fiasany tsy miova mihitsy. Hitantsika, ao amin'ny Malakia 3, hoy Izy hoe, "Izaho no Andriamanitra, ary tsy miova Aho." Tsy manova ny fomba Fiasany Izy.

111 Ankehitriny, raha nanomboka tamin'i Abrahama Izy. Taorian'ny fahalavoan'ilay sangan'asa voalohany, dia nanomboka tamin'i Abrahama Izy, teo amin'ny fanorenana iray, mba hanorina sangan'asa iray hafa.

Nanomboka tamin'ny Andron'ny Pentekosta Izy, mba hanorina Sangan'asa iray hafa, ilay Voa tany am-piandohana, Teny. Nanomboka tao amin'ilay Fiangonana voalohany. Inona izany? Ny Voa, Teny, ny Teny voaseho, ny teny fikasana izay efa nomena. Hoy Joela hoe, "Izao no hiseho amin'ny andro farany, hoy Andriamanitra, handatsaka ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra Aho; ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo haminany, ny lahi-antitrareo hanonofy, ny zatovonareo hahita fahitana." Izany no Hataony amin'ny andro farany, roa, ireo roa arivo taona farany.

112 Mariho, ary nanomboka tahaka ny tany am-piandohana izany. Araka ny nolazain'i Jesosy hoe, "Ny Tenin'Andriamanitra dia Voa iray izay nafafin'ny mpamafy." Ary Izy no Mpamafy. Ny Voa dia ny Teny. Ary, mariho, ny voa rehetra izay mitoetra irery dia tsy mahavita na inona na inona mihitsy. Tsy maintsy milatsaka amin'ny tany izy mba hamoaka indray ny vokany. Ary io Voa io, ilay Fiangonana tanteraka, dia nilatsaka tamin'ny tany tao Nise, Roma, rehefa lasa anaram-piangonana iray izy.

113 Ankehitriny, ry mpahay tantara, tsarovy. Ary ianareo izay hihaino an'ity horonam-peo ity, amarino izany ka jereo raha tsy marina izany. Ny fiangonana dia maty tao Nise,

Roma, rehefa nandray an'ireo dogma sy fanekem-pinoana izy, raha tokony ho ny Teny tany am-piandohana. Inona izany? Efa namafy Andriamanitra, tamin'ny alàlan'io Fiangonana voalohany io, hoe Izy no Andriamanitra. Nanana Fiangonana tanteraka iray Izy; saingy ilay Fiangonana, tahaka ny voa hafa rehetra, dia tsy maintsy milatsaka amin'ny tany ka maty. Ankehitriny, nilatsaka tamin'ny tany izany, ka maty, ary simba.

114 Fantatrareo, namaky boky iray aho, teto vao tsy ela akory izay. Olona iray no nanoratra ny—ny boky, ary nilaza, *The Silent God*. Mety efa namaky an'izany ianareo. Adinoko, izaho—izaho dia mihevitra fa i Brumback . . . Tsia, izaho tsy, tsy azoko antoka hoe iza no nanoratra azy. Fa tsy mety tsaroako. Manana azy ao amin'ny biraoko aho. *The Silent God,* nanao hoe, "Andriamanitra, nandritr'ireo arivo taona an'ny taona maizina, dia nipetraka tsara ary tsy nanetsika tànana iray mihitsy, ka nandinika an'ireo maritiora mahatoky nandeha tao an-davaky ny liona; ary nodoran'ireo Romana; famonoan'olona tamin'ny karazany rehetra; nesorina ny akanjon'ireo vehivavy, nasiana afo ny volo lavan'izy ireo, niaraka tamin'ny godorao, dia nodorana izy ireo." Tsarovy, nanomboka tao Roma ny volo fohy. Ary nanana volo lava ireo vehivavy Kristiana, noho izany izy ireo—izy ireo dia nalòna tao anaty godorao ary nasiana afo teo aminy, dia nodorana izy ireo, ary nitanjaka izy ireo; natao sakafon'ny liona izy ireo. Ary ity mpanoratra ity dia lasa niteny hoe, "Aiza io Andriamanitra io?"

Oh, ilay fahajamban'ny olona, indraindray! Tsy fantatrareo ve fa tsy maintsy maty io Voa io? Tsy niezaka nanafaka azy ireo mihitsy Izy. Nidina tao amin'ny fandresena izy ireo. Nidina izy ireo, nandeha rà ary maty, nanolotra ny ainy. Nahoana? Izany dia Voa iray. Izany dia tsy maintsy milatsaka amin'ny tany, araka ny, voalohany, lazain'i Jaona 12 amintsika. "Ny voam-bary, tsy maintsy milatsaka amin'ny tany izy ka maty ao; ary tsy hoe maty fotsiny, fa lò." Saingy kely ihany no fantatr'io anaram-piangonana io hoe mbola tao foana ilay Aina. Na dia ilay fiangonana izy tenany aza . . .

115 Tao amin'io Fivoriamben'i Nise io, ilay dimy ambin'ny folo andron'ny adi-hevitra politika nihoson-drà, rehefa tonga ireo olona ambony ka naniry ny hanatsofoka an'ireo manan-kaja lehibe ireo tao amin'ny fiangonana. Ary ireo mpaminany dia nivoaka avy tao amin'ilay an-efitra tany, nihinam-bozaka sy nitafy hodi-biby, ireo mpaminany tena izy, ary noroahan'izy ireo izy. Nahoana? Tsy maintsy milatsaka amin'ny tany ilay Voa. Tsy maintsy maty Izany.

116 Maty Izany tao amin'ireo taona maizina, tao ambanin'ilay fotaka maizina. Nihevitr'izy ireo fa vita ny aminy. Fantatrareo,

Masindahy Jaona 12:24, hoy Jesosy hoe, "Raha tsy milatsaka amin'ny tany ny voam-bary, dia mitoetra irery izy." Ary io vokatra io dia ilay Fiangonana voalohany, ilay Ampakarina, ilay Voa, ilay Teny voaseho, izay nilatsaka tamin'ny tany tao Nise, Roma.

117 Henoy, ry Fiangonana, manerana ny firenena izay hihaino an'izao. Io ilay fotakareo, dia ireo anaram-piangonana ireo. Teo no voahombo ny Teny, ka nanaiky dogma izy ireo. Ary nandritry ny an-jato sy an-jato taonany an'ireo taona maizina, dia nafenina an'izao tontolo izao ny Hery sy ny fanehoana ny Teny. Ny Katolisisma irery ihany no nanapaka. Mahafantatra an'izany isika rehetra, raha mamaky ny tantara. Ny Katolisisma irery ihany no nanapaka.

118 Fa, ianareo—ianareo dia tsy afaka manafina Voa lonaka iray, tsy maintsy mivoaka Izany satria (nahoana?) eo am-piasana ilay Mpanao sokitra lehibe. Tsy maintsy manorina indray Izy. Noho izany Izy . . .

Nilatsaka ilay Voa, ny Teny.

119 Rehefa hitantsika i Masindahy Paoly, Petera, Jakoba, Jaona, ireo rehetra izay nanoratra ny Teny. Ary nanoratra izy ireo, ny Teny izay nosoratan'izy ireo dia tonga velona, sy velona, ary velona Izany. Fa rehefa mahita isika, rehefa avy nanomboka ho masaka izany, dia nanomboka nanoratra tao amin'ireo epistily i Jaona, nalefa tany amin'ny Nosy Patmo izy rehefa avy nodorana tao anatin'ny menaka nandritry ny efatra amby roapolo ora. Saingy tsy maintsy mivoaka ny Teny. Tsy maintsy voasoratra Izany. Tsy afaka nampangotraka an'ilay Fanahy Masina hivoaka tao aminy izy ireo, niaraka tamin'ny menaka, noho izany dia nivoaka izy. Tsy mbola vita ny asany. Maty tamin'ny fahafatesana ara-boajanahary izy.

120 Polycarp, izay mpianatr'i Jaona, no nanohy nitondra ny Teny. Ary avy tamin'i Polycarp dia tonga i Irenee. Ary Irenee, ilay lehilahin'Andriamanitra malaza izay nino an'ilay tena Filazantsara iray ihany izay inoantsika, "Masaka ny Teny." Niezaka nanery Azy hivoaka ilay fiangonana.

121 Farany ilay izy dia tonga tao Nise, Roma, ary tao izy no nilatsaka tamin'ny tany, taorian'i Masindahy Martin, ary novonoina. Nino ny zavatra mitovy amin'izay inoantsika i Masindahy Martin. Ilay zavatra mitovy no notohanany; ny batisan'ny Fanahy Masina, ny batisan'ny rano amin'ny Anaran'i Jesosy. Nijoro teo amin'ilay tena zavatra mitovy amin'izay ijoroantsika izy. Ary mpaminany iray izy, sady nino ny Tenin'Andriamanitra feno. Ary farany dia nohomboana izy ireo, sy torotoro tao anatin'ny tany, ary nandry tao nandritry ny an-jato taonany, mandra-pahatongan'ilay ivelany ho lò, Voa. Lò ilay vatana tranainy. Efa tany Saint Angelo aho, tao amin'ireo fasana,

ka nahita an'izay nahafatesan'izy ireo, ary ireo taolan'izy ireo potika sy ny sisa. Lò izy ireo ny farany hany ka vita ny taolan'izy ireo, saingy mbola tao foana ilay Aina.

122 Ilay voam-bary izay nilatsaka tamin'ny tany tao... tao amin'ny Fivoriamben'i Nise, nanomboka nitsiry indray, tao amin'i Martin Luther. Tahaka ny voa rehetra mipoitra, na vary; rehefa avy lò ireo voa ireo, dia mivoaka ilay aina. Ary nanomboka nivoaka izany tao amin'i Martin Luther. Inona no nataony, ny zavatra voalohany? Nandà an'ilay anaram-piangonan'ny Katolisisma, nanohitra fa hoe diso izany. Fa, hoy izy hoe, "Ny marina dia ho velona amin'ny finoana." Inona izany? Aina kely iray malemy izay namoaka solofo kely vitsivitsy. Izany ireo an'i Luther. Azo antoka fa tsy mitovy amin'ilay voa izay nankao amin'ny tany izany, saingy eo am-pivoahana ilay Aina ankehitriny.

123 Avy eo dia tonga teo amin'ny taho izany. Inona no nitranga avy eo? Tamin'ny andron'i John Wesley, dia inona no nataony rehefa nitondra ny fanamasinana izy? Nijanona niaraka tamin'ny Teny izy. Ary inona no nataon'izany? Nandrafitra ireo Loterana ary nanao rafi-pandaminana iray, koa izany no fotoana hitrangan'ny zavatra iray. Voaorina ilay sangan'asa ankehitriny. Inona no nataony? Inona no nataony? Nanohitra an'ilay fiangonana Anglikana izy, nivoaka avy tao amin'ilay fanavaozana toy ny felana iray. Inona izany? Tonga teo amin'ny Fiainana ilay voa, mitombo ankehitriny.

124 Ankehitriny, ny taho dia tsy mitovy amin'ilay voa, na mitovy amin'ilay felana.

125 Ankehitriny, ry rahalahy Pentekotista manerana ny firenena, tiako ianareo hihaino, ry rahalahiko. Raha ity no Hafatra farany izay hany hotoriako, dia Ity no sangan'asako. Voamarikareo ve rehefa ilay vary no...ilay voam-bary izay milatsaka amin'ny tany, rehefa manomboka mamerina ny—ny voany indray izy?

126 Diniho ny natiora. Ny natiora, marina tokoa, dia Andriamanitra. Andriamanitra miasa ao amin'ny natiora, dia izay ihany no Azony atao. Fa avy teo amin'ny fifohazana Pentekotista, araka ny fiheveran'izy ireo, no nisian'ilay Voa; tsy izany ilay izy. Ankehitriny diniho. Fa nisy zavatra iray nipoitra tahaka an'ilay Voa mihitsy. Ankehitriny diniho izay nolazain'i Jesosy, ao amin'ny Masindahy Matio 24:24, hoe, "Tena hifanakaiky ireo fanahy anankiroa amin'ny andro farany ka hamitaka an'ilay Voafidy raha azo atao."

127 Ankehitriny, io taho io dia tsy misy na inona na inona itoviany amin'ny voa; na ny felana hitovy amin'ny voa. Fa mariho ankehitriny, tsy amin'ny andron'i Luther, fa amin'ny andro farany.

128 Ny zavatra voalohany. Misy mpamboly mipetraka eto. Ny zavatra voalohany izay mivoaka eo amin'ny voam-bary, saiky hihevitra ianareo fa voa iray izany, saingy (inona izany?) izany no akofa. Manao an'ilay zavatra kely ivelany izy, mitovy, mba hihazona an'ilay voa. Manao akofa iray izy. Fa ny akofa dia tsy voa, tsy izany mihitsy koa ny felana na ny taho. Mpitondra an'ilay aina fotsiny izany, ilay voam-bary, amin'izay fotoana izay. Masindahy Jaona 12, hitanareo, Jesosy no miteny.

129 Ilay vary, aorian'ilay felana (aorian'i Wesley), no mamoaka an'ilay akofa, izay tena mitovy indrindra amin'ny voan'ny hafa rehetra. Ny akofa no mitovy indrindra amin'ny voa. Tonga tena mitovy indrindra amin'ilay voa foana izy, ilay anankiray izay nankao amin'ny tany. Ary rehefa mivoaka izany, ilay taho, dia misy Aina ao anatiny, saingy azo antoka fa tsy izany no voa. Mivoaka ny felana, ilay vovom-boninkazo, fa mbola tsy ny voa foana izany. Dia mivoaka ilay akofa avy eo, ary ao amin'ilay endriky ny vary mihitsy izany, tena mitovy tokoa amin'ilay voam-bary, kanefa dia tsy ny vary izany. Ao amin'ilay endrika mitovy marina tokoa, tanteraka.

130 Nivoaka tahaka an'ilay vary mihitsy ireo Pentekotista. Ny tsirairay avy dia mivoaka avy amin'ilay hafa, mivoaka avy amin'ilay hafa, saingy mpitondra fotsiny ihany izy ireo. Lasa anaram-piangonana izy ireo. Ary izany no nataon'ny Pentekosta, lasa anaram-piangonana. Ary inona no nataon'ny Pentekotista rehefa nivoaka toy ny voa fotsiny izy? Niverina avy hatrany izy, tahaka ny ao amin'ny Apokalypsy 17, ho isan'ireo anaram-piangonana rahavavy. Izany marina tokoa no izy. Izany no nolazain'i Jesosy.

131 Ankehitriny diniho. Nivoaka nandalo tamin'i Luther ny Filazantsara, nandalo amin'i Wesley, nankao amin'ny Pentekosta, ary amin'ny andro farany dia hamitaka ny tena Voafidy izany raha azo atao. Ilay Voafidy! Oh, ry rahalahy Pentekotista, tsy afaka mahita ve ianareo?

132 Ilay vary tamin'ny fiandohany voalohany dia tahaka an'ilay voa mihitsy, rehefa nanomboka nanao endrika nitovy tamin'ilay voa, saingy akofa izany. Nanao anaram-piangonana izany, nanao marina tokoa an'ilay zavatra mitovy tamin'izay nataon'izy ireo teto amin'i Luther teto. Ao amin'ny Apokalypsy 17, izany no manaporofo an'ilay zavatra iray ihany, ny amin'ireo fiangonana.

133 Ankehitriny, ilay voan'ny Voa, tao amin'ilay tany am-boalohany, dia nilatsaka tao Nise, satria izany no anaram-piangonana voalohany.

134 Mariho eto, ilay Aina izay tao amin'ny taho, felana, dia miafara ao amin'ilay Voa izy rehetra ankehitriny. Ilay Aina izay nivoaka avy tao amin'ny Voa tany am-piandohana, dia nandalo tamin'ny dingana samihafa (dingana telo samihafa),

ary miverina hatrany amin'ny Toerany tany am-piandohana avy eo. Haleloia! Oh, oadray! Izaho no olona sambatra indrindra eto amin'izao tontolo izao, fa navelan'Andriamanitra hahita an'Izao aho. Diniho hoe tanteraka toy ny ahoana ny Teny ary ireo (natiora) dia miara-miasa.

135 Tahaka ny anaporofointsika ny fitsanganana fotsiny; miposaka, ny masoandro; ny filentehan'ny masoandro; miposaka indray.

Miendaka amin'ny hazo ny ravina, midina, ilay tsirin-kazo mankao amin'ny faka; dia miakatra indray, ary—ary miakatra miaraka amin'izany indray ny ravina. Milatsaka amin'ny tany izy; mitsentsitra azy avy hatrany ny ain'ilay hazo, ny kalsioma sy potasy, ary mampiakatra an'izany ao amin'ny ravina hafa indray.

Hitanareo, ny natiora rehetra, ny zavatra rehetra dia miasa mihitsy miaraka—miaraka amin'ny Tenin'Andriamanitra. Ary indro eto izany, marina tokoa, tanteraka ao amin'ireo Taonan'ny Fiangonana ireo. Izany no antony nidinan'ny Fanahy Masina ka nanaovany sary an'ireo zavatra ireo, ary namoaka azy ireo ho antsika tamin'ny fomba izay Nataony. Tena marina tokoa izany.

136 Mariho, eto, ny Aina izay tao amin'ny akofa. Tao amin'ny taho, sy tao amin'ny felana, tao amin'ny akofa, izy rehetra dia niangona tao amin'ilay Voa. Ary ny Aina izay tao amin'ny taho, dia nandeha, ny anankiray nandeha hanamboatra an'ilay hafa. Fanamarinana, nanao làlana iray ho an'ny fanamasinana; ny fanamasinana, nanao làlana iray ho an'ny batisan'ny Fanahy Masina; ny batisan'ny Fanahy Masina, nanao làlana iray ho an'ny Fanahy Masina Izy tenany mba ho tonga avy hatrany ao amin'ny fahatanterahana, miverina amin'ny Teny indray, mba haneho ny Tenany.

137 Fa, izay nanao anaram-piangonana, dia maty. Tahaka ny Aina, tao amin'i Luther, izay nandeha nanamboatra an'i Wesley; ary—ary, avy tamin'i Wesley, dia nandeha tao amin'ny Pentekosta Izany; ary, avy tao amin'ny Pentekosta, mba hanamboatra an'ilay Voa tany am-piandohana. Tao amin'ny Pentekosta, mivoaka avy ao amin'ny Wesley, mandra-pahatongan'io fotoana io. Ny antony nivoahan'ny Pentekosta tao amin'i Wesley, dia satria tsy anaram-piangonana izy, izany ny Pentekosta. Avy eo dia nandeha nanao anaram-piangonana ny Pentekosta, ary (inona no nataony?) nivadika tao amin'ilay akofa izany. Nitovy tamin'ilay tena Zavatra izany.

138 Ary, ny olona rehetra, firy no mba efa nahita voa iray—voam-bary iray nanomboka nitombo? Inona ilay zavatra kely voalohany? Izany dia tena tahaka an'ilay voa marina tokoa, saingy akofa izany.

Hitanareo ve ireo dingana telo? Taho; felana, na ilay vovom-boninkazo; avy eo ny akofa; ary avy eo, avy tao amin'ilay akofa, no tonga ilay Voa tany am-boalohany. Hitanareo? Tsy ny Voa; ny Ain'ilay Voa izany, mitombo amin'ny alàlan'izany, mba ho tonga eo amin'ilay Voa. Amena, amena! Hitanareo ve izany? Inona izany? Ny fitsanganana, miverina amin'ny Sangan'asa iray indray, tahaka an'ilay Anankiray izay niditra.

139 Nivoaka avy tao amin'i Wesley ny Pentekosta, satria rafi-pandaminana iray i Wesley. Nivoaka ny Pentekosta, tsy toy ny rafi-pandaminana, ary avy eo dia nivadika ho anankiray. Tsy maintsy nivadika izy, mba hanamboatra an'ilay akofa. Ny Tenin'ny Fiainana marina teo aminy, dia teo amin'ny làlany ho any amin'ilay Voa tany am-boalohany tamin'izany, tamin'ny alàlan'ireo dingana ireo. Tamin'ny alàlan'ilay taho, avy eo nankao amin'ilay vovom-boninkazo; avy ao amin'ilay vovom-boninkazo, nankao amin'ilay akofa; ary avy ao amin'ilay akofa, Izany no nanao ny Voa.

140 Tsia, ny taho, ny felana, ny akofa, raha velona, izy ireo no namokatra (tao amin'ny fifohazany voalohany) mpitondra ny ampahany iray an'ilay Aina Voa; saingy, rehefa nandrafitra izy ireo, dia niala tao amin'izany ilay Aina. Izany dia voaporofo amin'ny alàlan'ny tantara rehetra. Tsy nisy rafi-pandaminana iray mihitsy mba nahavita zavatra iray taorian'ny nandrafetany. Maty izy. Marina izany.

141 Diniho, manohy mandeha ilay Aina ankehitriny. Mandroso Izy.

142 Mariho, izay nataon'izy ireo, ireo rehetra izay nataon'izy ireo, dia voaporofon'ny tantara marina tokoa ny fomba izay nahatongavan'ilay fiangonana, tsy Ilainy intsony indray. Mipetraka eny amin'ny talantalana ny rafi-pandaminana. Tsy nisy mihitsy, ao amin'ny tantara rehetra, fiangonana iray, rehefa avy nandrafitra izy, ka tsy maty. Ary maty ny rafi-pandaminana ka tsy nitsangana intsony indray. Tsy mety hitanareo ve izany? Ry olona izay jamba, ahirato ny masonareo! Ny natiora sy ny Teny dia miasa miaraka ka manaporofo an'izany mihitsy eto fa Ity no Fahamarinana, fa izany no Fahamarinana. Io Aina io dia miala amin'ilay taho, mba hanamboatra an'ilay felana; avy ao amin'ny felana, dia manamboatra an'ilay akofa Izany; ary avy ao amin'ny akofa, dia miditra ao amin'ilay tany Am-piandohana indray Izany. Mariho, tsy Ilainy intsony indray.

143 Azo marihana toy ny ahoana io aina io, tamin'ny diany tao amin'ilay voam-bary, noho ilay izy tao amin'ny hazo. Miantso ny Olony toy ny hazo iray Andriamanitra; hitanareo, midina ilay aina, ao amin'ny hazo, ary miverina miakatra indray; midina dia miverina miakatra; hitanareo, midina izy

dia miverina miakatra. Fa, ao amin'ilay voam-bary kosa, dia miakatra manomboka any amin'ilay taho tany am-piandohana izany. . . mandalo amin'ny taho, felana, sy akofa; ary ilay zavatra nandalovany, dia maty, mba tsy hahafahany miverina mandalo amin'izany indray. Inona izany? Tsy ilaina intsony izany. Manohy mankany amin'ny fahatanterahany izy.

Amena! Tsy hitanareo ve fa tsy nampiasa rafi-pandaminana iray mihitsy Izy? Tsy afaka miverina ao amin'izany indray Izy. Maty izany. Fa ilay Aina dia mitohy miampita, avy ao amin'ny anankiray mankany amin'ny iray hafa. Hitanareo, nametraka fanekem-pinoana izy ireo, ary nanatsofoka. "Na iza na iza hanampy teny anankiray, na hanaisotra Teny anankiray," hitanareo, voasakana amin'Izany izy. Izany dia tsy maintsy ilay Voa Aina manohy mandeha.

144 Manao an'izany ho fanoharana aho ankehitriny, ny amin'ilay Ampakarina, ilay Sangan'asa izay mivoaka. Tahaka ny nahalavo an'ilay Sangan'asa, dia misy Sangan'asa iray mitsangana. Ilay Sangan'asa dia lavo tamin'ny Pente-. . . tao Nise, Roma, tao Nise. Taorian'i Nise, Roma, dia tsy maintsy nandalo dingana iray Izy, saingy miverina avy hatrany eo amin'io Sangan'asa io indray Izy, tanteraka, satria Izy dia ampahan'io Teny izay nolazaina tamin'ny Alàlany io. Izy dia hanana "Fiangonana iray tsy misy pentina na kentrona." Tsy hifandray amin'ny karazana rafi-pandaminana iray na anaram-piangonana iray mihitsy Izy, ilay zavatra voaozona. Nandalo tamin'ireo zavatra ireo Izy, saingy tsy ho eo intsony izany.

145 Mariho, miakatra ilay voa, miakatra io Aina io, tsy miverina. Tsy hisy fitsanganana intsony aorian'izany. Miakatra ilay Aina, mandeha mankany amin'ny fahatanterahany, fitsanganana iray.

Mariho, ny akofa no namoaka ny—ny. . . Mariho, ny akofa no mamoaka an'ilay Voa tany am-piandohana avy tao amin'ny tenany. Ao amin'ny Apokalypsy, ny toko faha-3, no ahitantsika an'izany.

146 Ankehitriny tsarovy, tsy nisy fiangonana hafa nandroaka Azy, ao amin'ny Baiboly, avy ao amin'ny Taona Fiton'ny Fiangonana. Firy no mahatsiaro an'izany? Nandalo tamin'ilay Taonan'ny Fiangonana Izy, nanohy mba hanamboatra zavatra hafa iray. Saingy, ity Izy. Tsy misy na inona na inona hafa. Fa ilay—ilay Mpanao sokitra no tonga teo amin'ny fahatanterahana indray, ny Teny. Hitanareo? Aza miverina. Samihafa toy ny inona Izany. Eny. Oh!

147 Ary mariho avy eo, ilay akofa, rehefa mivoaka izy, dia mitovy mihitsy amin'ilay Voa. Fa rehefa manomboka miala amin'ny akofa ilay Aina Voa, mba hiditra hanamboatra an'ilay Voa (ny Ampakarina), dia misokatra ilay akofa ka mandroaka an'ilay Voa. Marina ve izany? Ny natiora, izany marina tokoa no nataony.

148 Ao—ao amin'ny Apokalypsy 3, dia hitantsika fa ilay Taonan'ny Fiangonana Laodikia no nandroaka Azy. Ankehitriny, hitanareo, tsy izany ilay izy, tao amin'ireo taona hafa tany aoriana, satria mbola nisy zavatra hafa tsy maintsy namboarina. Nandalo fotsiny izany ary nanohy tao amin'ny iray hafa. Efa nolazaiko anareo, hatrany hatrany, fa tsy misy anaram-piangonana ho tonga intsony. Ao amin'ny farany isika izao. Ary nandroaka Azy izy ireo satria (nahoana?) Izy—Izy—Izy no Teny, indray. Izy dia mitovy amin'ilay Anankiray izay nilatsaka teo. Izy no Foto-pampianarana iray ihany izay nivoaka hatrany amin'ny voalohany.

149 Ary rehefa manomboka mitombo ilay Teny Voa, dia ilay akofa no mamoaka Azy avy ao amin'ny tenany. Miala amin'ireo hafa rehetra ilay Aina, mba hanaraka an'Izany. Izany ireo mpino marina, manaraka ny Aina izy ireo na aiza na aiza alehan'ilay Aina.

150 Tahaka ny tao Isiraely, tandindona tanteraka iray, raha nanana fotoana isika; minitra vitsy sisa no ananako. Fa ao amin'ny tandindona tanteraka iray, tany amin'ny voalohany, na taiza na taiza nalehan'ilay Andry Afo dia nisy Fiainana. Andriamanitra io Hazavana io. Ary tsy ahoako na misasak'alina izany, na tao amin'ny toerana voafidy tsara iray izy ireo; rehefa niainga io Andry Afo io, nitsoka ny trompetra dia niainga niaraka tamin'Izany Isiraely.

Haleloia! Ary rehefa nitsoka ny trompetra, dia niainga niaraka tamin'Izany i Martin Luther. Ary nandrafitra izy, namono . . . tsy hoe izy tenany; ilay olona taoriany. Ary avy eo dia naka an'ilay Aina avy tao amin'izany Andriamanitra, nitondra an'Izany, nametraka azy tao amin'ny fasana.

151 Nivoaka i Wesley avy eo. Hitany ilay rafi-pandaminana lehibe, noho izany dia nitsoka trompetra iray izy, an'ny fanamasinana, Teny bebe kokoa. Hitanareo? Rehefa nanao an'izany izy, dia nivoaka izy ireo, tena avy tao—tena avy tao amin'i Luther mihitsy, nankao amin'ny Metodista avy hatrany.

152 Ary rehefa nahita an'Izany ny Pentekosta, dia nitsoka ny—ny trompetra izy ireo, izany no fotoana ho an'ny fiverenan'ireo fanomezam-pahasoavana. Hitanareo ve izay nataon'izy ireo? Nitsoka trompetra iray izy ireo, ary nivoaka izy ireo. Avy eo dia nandrafitra izy ireo.

Fa, tsarovy, taorian'ny akofa, izany ireo dingana telo izay fantatsika, dia tsy misy na inona tavela afa-tsy ilay Voa. O Andriamanitra! Ary avy eo dia noroahan'izany rehetra izany ilay Voa. Amena ary amena! Manomboka manamboatra ny Tenany ireo Teny Voa, ny Aina dia nentina nivoaka avy tao . . . Ankehitriny mariho, raha ilay Mpampakatra, ilay fiandohana, ilay voalohany, Mpampakatra . . . Ity dia ilay Ampakarina izay mivoaka.

153 Tsarovy, ilay Fiangonana dia nanomboka tamin'ny Pentekosta, ary lavo tao Nise Izany. Nitsimoka Izany, tsy tahaka an'ilay tena Voa, tsia; nisy ampahan'Aina iray tao, saingy nitsimoka izy mba hanao rafi-pandaminana iray. Ary nisintaka tao amin'io rafi-pandaminana io Izy. Ary inona no nataon'Izany avy eo? Avy eo dia nandeha Izany, avy tao amin'io rafi-pandaminana io, niditra tao amin'ny rafi-pandaminana iray hafa Izany, niditra tao amin'ny dingana iray hafa an'ny Teny; fanamarinana, fanamasinana, batisan'ny Fanahy Masina. Hitanareo? Ary raha nandalo tao amin'io akofa sy dingana io Izany, dia nitohy nandroso hatrany Izany.

154 Tsarovy, ilay vovom-boninkazo kely dia mitovy kokoa, ilay felana dia mitovy kokoa amin'ny Voa noho ilay taho. Ary ny akofa dia mitovy kokoa amin'ilay Voa noho ilay felana. Fa mihoatra an'izany ny Voa Izy tenany. Hitanareo? Izany dia nampiasaina ho fitaterana fotsiny, mba hitondrana ny Tenany handalo ao.

155 Mariho, ilay Ampakarina. Raha ilay Ampakarina, tany amin'ny fiandohana, no Teny, na ilay Mpampakatra; ary avy eo raha nalaina avy tao amin'ny Mpampakatra ny Ampakarina, dia tsy maintsy ny Teny koa Izy. Mariho, tsy maintsy ho izany ny Ampakarina.

156 Nahoana, nahoana no tsy maintsy ho ny Teny voaseho ny Mpampakatra, natao miharihary? Dia satria ny Ampakarina sy ny Mpampakatra dia Iray. Silaka iray nokapohina avy Taminy fotsiny Izy. Io ilay Sangan'asa. Nokapohina Izy. Lazao . . .

157 Tsy afaka namokatra an'izany indray i Michelangelo. Tsy afaka namerina an'izany izy.

Fa Andriamanitra no hanao an'izany. Hitondra an'io Ampakarina kely io Izy, izay nokapohina, hiverina avy hatrany amin'ny Teny tany am-piandohana. Ary io Izy eo, io ilay Sangan'asa, ilay fianakaviana miverina indray ao amin'ny sahan'i Edena.

158 Ahoana no hanaovan'io Ampakarina io an'izany? Ahoana no hanaovan'io Vary io an'izany? Malakia 4 no nilaza, fa amin'ny andro farany, dia haverina indray izany, (inona?) haverina indray tahaka ny tany amin'ny voalohany; hitondra an'izany hiverina! "Izaho no hamerina," hoy ny Tompo, "ireo taona rehetra izay nohanin'ny kijeja, sy valalavao, ary ireo zavatra rehetra lany ireo. Izaho no hamerina indray." Hoy ny Malakia 4 hoe, "Izy no hamerina ny fon'ny olona, sy ny Finoan'ny olona, ho amin'ireo ray tany am-piandohana indray." Hitanareo? Hitantsika eto anoloantsika mihitsy izany, ry Fiangonana. Aiza no misy antsika izao?

159 Ankehitriny, hamarana ao anatin'ny minitra vitsy. Tiako ianareo hahamarika tsara mihitsy ny amin'ny zavatra izay vao avy nitranga.

Malakia 4 no tsy maintsy hitondra indray, hiverina amin'ny tany am-piandohana.

160 Nendahina tao amin'ny fiangonana Izy, avy tao amin'ilay vatan'ny fiangonana; nokapohana niaraka tamin'Ny Tompony, ho an'ny tanjona iray ihany. Izy no Teny. Mitovy tahaka an'i Josefa nendahina tao amin'ireo rahalahiny, satria izy no Teny. Ary nendahina tamin'ireo Rahalahiny i Jesosy, satria Izy no Teny. Nokapohana ilay fiangonana . . . Nendahina tao amin'ilay fiangonana ny Ampakarina, satria Izy no Teny. Io indray ireo dingana iray, roa, telo, hitanareo, tena marina tokoa.

161 Ny Teny, velona sy eo am-piasana, ilay Ampakarin'ny Baiboly, tsy hoe ampakarina iray nataon'ny tànan'olona; ilay Ampakarin'ny Baiboly, nokapohana sy nampahorian'Andriamanitra. "Tsy misy hatsaran-tarehy haniriantsika Azy, fa isika dia nanao Azy ho nokapohana sy nampahorian'Andriamanitra." Marina izany. Mitoetra irery Izy. Nendahina tamin'ireo anaram-piangonana rehetra Izy, araka ny Apokalypsy 3. Nesorina avy tao amin'ilay Taonan'ny Fiangonana Laodikiana Izy izay nitaizana Azy. Hitanareo? Io Fiangonana io dia notezaina tao amin'ny Taonan'ny Fiangonana Laodikia; izany ilay akofa. Saingy raha nandeha ireo hafa ireo . . .

162 Tsy afaka mahita an'izany ve ianareo olona Pentekotista, raha akofa io hafa io ary maty? Raha io hafa io (taho) no tsy maintsy maty, raha tsy maintsy maty ilay felana, dia tsy maintsy maty koa ilay akofa; ireo dingana telon'ireo rafi-pandaminana.

163 Ary tsarovy, hoy ianareo hoe, "Eny, ankehitriny, nisy felana betsaka nihantona teo. Nisy betsaka an'*ity*." Hia. Efa nisy Metodista teo, Batista, Presbyterana, Loterana, fiangonan'i Kristy, ireo zavatra kely hafa rehetra izay niditra tao amin'izany, ireo ravina sy ny sisa hafa dia nihantona teo amin'izany, saingy ilay tany am-piandohana kosa dia ireo fanavaozana, ankehitriny, hitanareo.

164 Mitoetra irery, tahaka an'ilay Mpampakatra, "nolavin'ny olona, namavoina sy nolavin'ireo fiangonana." Nitoetra tahaka an'izany ilay Ampakarina. Inona izany? Izany no Sangan'asany, hitanareo, izany no Teny izay Azony hiasana, atao voaseho. Fandavana!

165 Noho izany, ny taho, ny felana, ary akofa, dia tsy lasa Voa mihitsy, tsia, fa lasa mitovy kokoa amin'ilay Voa foana.

166 Ankehitriny amin'ny fotoam-pijinjana, dia miverina amin'ny Aina tany am-piandohana ilay Voa, miverina amin'ny Baiboly. Malakia 4 no nilaza fa ho entina tahaka an'izany izy. Oh, oh, oadray! Tsy maintsy manana ny rehetra! Mba ho tahaka an'izany, dia tsy maintsy manana ny Teny rehetra Izy. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

167 Ankehitriny inona no Nolazainy, ao amin'ny Apokalypsy 10, fa hiseho? Nahoana no nisy ilay dia nankany Tucson? Mba hanokatra ho an'ilay Fiangonana. "Amin'ny andron'ilay iraka, an'ilay anjely fahafito, ny Hafatr'ilay anjely fahafito, dia ho tonga voaseho ny Tenin'Andriamanitra manontolo. Ny Tombokase, izay rehetra navelan'ny taho, ny amin'ny nahoana sy ny rehetra mikasika an'Izany, dia ho tonga voaseho amin'io fotoana io."

Izany ve no nolazain'ny Teny? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Noho izany, dia hitantsika izany. Koa aiza no misy antsika izao, hitanareo, aiza no misy antsika izao? Zavatra tokana ihany no misy, eto ny fijinjana. Tena masaka tokoa Izy. Vonona ho an'ny Fihaviana Izy ankehitriny. Mariho.

168 Tsia, tsy ho izany mihitsy Izy. Amin'ny fotoam-pijinjana, dia miverina amin'ny toerany tany am-piandohana ny Voa, ary tsy maintsy manana ny Teny rehetra, mba ho lasa Voa. Ankehitriny, tsy afaka manana antsasaky ny Voa iray ianareo; tsy hitombo izany. Hitanareo? Tsy maintsy ho ilay Voa manontolo izany. Izy dia tsy haneho . . . Hoy ianareo, "Mino ny batisan'ny Fanahy Masina aho. Haleloia! Mino ny teny amin'ny fiteny tsy fantatra aho." Ampahan'ilay Voa fotsiny izany, ah-hah, fa ankehitriny dia nisy nanampiana amin'izany. Haleloia! Hitanareo? Ilay Aina, fa tsy ireo fanomezana; ilay Ain'ireo fanomezana. Hitanareo, hitanareo ve izay tiako ho lazaina? Eo amin'ny fotoana farany isika izao, ry rahalahy.

169 Taho, felana, akofa, dia maty ary maina ankehitriny. Zavatra tokana ihany no tsy maintsy mitranga amin'izany, dia ny tsy maintsy hiangonana ao amin'ilay Fivoriamben'ny Fiangonana Maneran-tany ho an'ny fandorana azy.

170 Tonga nofo ny Teny, tahaka an'izay Nampanantenainy marina tokoa ao amin'ny Lioka 17, Malakia 4, sy ny rehetra, hitanareo, marina izany, Apokalypsy.

171 Ilay Aina marina izay tao amin'ny taho, felana, ary akofa, dia miangona ao amin'ilay Voa ankehitriny, vonona ho an'ny fitsanganana, vonona ho an'ny fijinjana. Ilay Alfa no lasa Omega. Amena. Ilay voalohany lasa farany, ary ilay farany no voalohany. Ilay Voa, izay niditra, dia nandalo teo amin'ny dingana iray ary lasa Voa indray.

Ilay voa, izay lavo tao amin'ny sahan'i Edena, ka maty tao, dia niverina. Avy tamin'ilay voa tsy tanteraka izay maty tao, miverina ho Voa tanteraka, ilay Adama Faharoa.

172 Ilay Eva voalohany izay lavo, ary nampiasaina tao amin'ilay fanavaozana faharoa . . . fihaviana faharoa, ho toy ny miteraka zaza iray, no lasa Ampakarina marina indray ankehitriny, ilay Voa, miverina avy hatrany amin'ilay Teny tany am-piandohana indray.

Iray ihany ilay Alfa sy Omega. "Al-. . ." Hoy Izy hoe, "Izaho no Alfa sy Omega," tsy nilaza na inona na inona mihitsy Izy teo anelanelany. Ah-hah. "Izaho no Alfa sy Omega, ny Voalohany sy ny Farany." Eny, tompoko.

173 Ilay asam-panompoana voalohany sy ilay asam-panompoana farany dia iray ihany. Ilay Hafatra voalohany sy ilay (faharoa) Hafatra farany dia zavatra mitovy. "Izaho no, Izaho dia tao amin'ny Alfa; Izaho dia ao amin'ny Omega." "Hisy andro izay tsy hantsoina hoe andro na alina, fa amin'ny andro hariva dia hisy Hazavana." Hitanareo, Alfa sy Omega, lasa ny voalohany sy ny farany izany. Oh, oadray, ry rahalahiko, afaka mijanona ora maro eo amin'izany isika.

174 Ilay sangan'asa lehibe an'ny fianakaviana, ilay Adama Faharoa sy ilay Eva Faharoa, vonona ho an'ilay saha ankehitriny, ilay Arivo taona, amena, hiverina eto an-tany. Haleloia! Tsy namela azy ireo handry teo ilay Mpanao sokitra lehibe. Naka fotoana Izy, tahaka ny Nataony nandritr'ireo an-tapitrisa taonany, namolavola an'ilay mpivady voalohany tanteraka; ary lavo izy ireo. Ankehitriny dia efa nandritry ny an'arivo taonany, no Namolavolany indray, ary indro vonona izy ireo ankehitriny.

175 Tonga ilay Sangan'asa ary novelesina; avy tao amin'ny Ilany no nivoaka ilay mpanampy.

Ary nentina tao amin'ilay dingana iray ihany Izy. Ankehitriny indro Izy fa miverina indray; miaraka amin'ny natiora rehetra, ny Baiboly, sy ny zavatra hafa rehetra, maneho fa eo isika izao.

> Rava ireo firenena, mifoha i Isiraely,
> Ireo famantarana izay nolazain'ny Baiboly mialoha;
> Voaisa ny andron'ny Jentilisa, (jereo io andiam-pako ananantsika io), feno tahotra,
> Miverena, O ry niely, ho amin'ny anareo manokana.

Marina izany. Tsaratsara kokoa ho anareo ny miditra haingana ao, raha handeha ianareo.

Hamarana aho ao anatin'ny dimy minitra eo ho eo fotsiny, folo.

176 Mariho ilay sangan'asa lehibe, an'ny fianakaviana. Tsy mety ho fianakaviana iray marina ny vady lahy sy vady vavy raha tsy iray izy ireo. Tsy maintsy ho izany izy ireo. Raha tsy izany izy ireo, dia tsy fianakaviana tsara iray; ny vady vavy misintona any amin'ny lafiny iray, ary ilay vady lahy any amin'ny iray hafa. Hanao fianakaviana mampahatahotra iray izany. Fa ao amin'ny fifanekena, miaraka amin'ny

fifankatiavana, dia izany no fianakaviana. Ary izany no sangan'asan'Andriamanitra ankehitriny, fa ny fianakaviana marina rehetra eto dia endrik'izany ankehitriny. Hitanareo?

Ary niverina indray ilay fianakaviana Sangan'asa ankehitriny, Kristy sy Ny Ampakariny, vonona ny ho tonga. Ilay Adama Faharoa, Eva Faharoa, vonona ankehitriny ny hiverina indray ho any an-Tranony. Ary ny sary manontolo dia efa fanavotana. Avy teo amin'izay nisy azy, mitondra azy miverina indray, hitanareo, mitondra azy marina tokoa hiverina mihitsy indray. Aorian'ny. . .

177 Indray andro, nitsangana teto aho tao amin'ny Christian Business Men. Maro aminareo, heveriko, no tany. Rehefa nandre an'ilay pretra Loterana aho, na mpitory teny, na natao ho izany, nitsangana teo ka nilaza an'ilay zavatra mahatsikaiky, ka naneso an'izay inoantsika. Ary ireo Full Gospel Business Men no naka an'io lehilahy io tany, ka nilaza an'izany. Nanao an'ilay vozon'akanjony nivadika izy. Maro amin'izy ireo no manao ankehitriny. Ary hoy izy hoe, "Ankehitriny, ny olona dia manontany ahy hoe nahoana aho no mamadika ny vozon'akanjoko, nanao hoe, 'Ahoana no hahafahan'izy ireo hanavaka anao amin'ny pretra Katolika.'" Hoy izy, "Tsy misy fahasamihafana, ary tsy tokony hisy." Hoy izy hoe, "Isika rehetra dia zanak'Andriamanitra." Hoy izy hoe, "Mahafantatra pretra Katolika iray aho izay manerana, hitanareo, izay afaka ny hanatrika na aiza na aiza."

178 Ankehitriny tsy afaka ny ho manerana ianareo raha tsy faratampon'ny fahaizana. Andriamanitra aza dia tsy manerana akory; Andriamanitra dia faratampon'ny fahaizana. Faratampon'ny fahaizana, no manao Azy ho manerana, Fantany ny zavatra rehetra. Fa, mba ho lasa Vatana iray, dia tsy maintsy ho Vatana iray Izy. Amin'ny maha-faratampon'ny fahaizana—faratampon'ny fahaizana, dia afaka ny ho manerana Izy. Satria, Fantany ny zavatra rehetra, ary efa nahafantatra an'izany talohan'ny. . . Efa Fantany, talohan'ny nanombohan'izao tontolo izao, hoe firy ireo lalitra, hao, firy ireo bibikely, ary impiry izy ireo no hanakimpy ny masony, sy ny zavatra rehetra mikasika an'izany, hitanareo, satria manerana Izy. Ianareo tsy afaka ny ho faratampon'ny fahaizana—faratampon'ny fahaizana raha tsy tsi-manam-petra. Ary zavatra iray ihany no tsi-manam-petra; Andriamanitra. Amena! Ary noho izany isika. . .

179 Inona izany? Ny devoly izany, maka azy ireo avy hatrany ho any amin'ilay mpamono. Ny tsirairay avy amin'izy ireo dia miditra ao, izany no lazain'ny Baiboly marina tokoa. Ary indro izy eto, hitanareo, miditra ao amin'ireo Pentekotista mihitsy, ary misintona azy ireo avy hatrany fotsiny tahaka ny. . . Ora iray toy ny inona!

180 Oh, taorian'io filazana io, dia nisy olona iray niteny tamiko . . . Izaho—izaho . . . Zavatra tsara iray ny tsy nitenenako be loatra, satria ho nataon'izy ireo tao an-tranomaizina angamba aho tany. Fa nieritreritra fotsiny aho hoe, "Io ilay izy."

Ny—ny olona izay nampianarina, no mahafantatra. "Ny hendry no hahafantatra ny Andriamaniny, amin'izay andro izay," izany no voalaza ao amin'ny Daniela. Eny, tompoko. Hitanareo, "Ny hendry no hahafantatra ny Andriamaniny." Miambina an'ireo zavatra ireo izy.

181 Saingy rehefa hitako fa nitranga izany, ka nitsangana teo ireo Pentekotista niaraka taminy! Na dia i Oral Roberts aza dia nijery ahy tahaka an'*izao*. Hoy aho hoe, "Oh, oadray!" Ah! Saingy, nitsangana teo izy niaraka tamin'ny fahaizana iray, mamiratra, fantatrareo, sy ny sisa.

182 Tsy izany no fomba ampamiratan'Andriamanitra ny Azy. Tsy mampamiratra ny Azy amin'ny fahaizana Izy. Mampamiratra ao anatin'ny fanetre-tena Izy, ao anatin'ny—ao anatin'ny herin'Ny Teniny voaseho, maneho ny endrik'ilay Voa izay Nialany.

183 Ankehitriny, nisy olona iray niteny tamiko, hoy izy, "Rahalahy Branham," hoy izy, "misy zavatra anankiray izay tsy azoko mikasika anao."

Hoy aho hoe, "Inona ilay izy?"

184 Nitsangana tao amin'ny lalantsara iray . . . Heveriko, fa Ranabavy Dauch sy izy ireo, rehefa avy nandray tànana an'i Bill aho, ka nitsangana teo; ary ny rehetra dia nandeha nihodina teny amin'ny zorony, sy ilay andian'olona manontolo. Nandeha haingana teo amin'ny làlany ny mpitoriteny iray, nivadika vozon'akanjo, hoy izy hoe, "Nahoana moa ianao no mivazavaza an'ireo olona isan'andro?" Hoy izy hoe, "Ireo olona ireo dia mino anao ho mpanompon'Andriamanitra, ka aoka ho malemy fanahy sy mora fanahy aminy, sy ny sisa." Hoy izy, "Isaky ny mandre anao mitsangana aho, dia mivazavaza an'ireo vehivavy ianao, mikasika ny fananana volo fohy, sy mikasika ny fanaovana sorta, sy ny fanaovana lokon-tarehy, ary io karazan-javatra hafa rehetra io; dia mivazavaza an'ireo olona, ka miteny amin'izy ireo hoe mangatsiaka sy ara-pomba ary tsy miraika toy ny ahoana izy ireo." Hoy izy, "Nahoana ianao no manao an'izany?" Hoy izy, "Ireo olona ireo dia tia anao. Ahoana no hahatonga anao ho zanaka iray tia an'Andriamanitra nefa manao zavatra tahaka an'izany?"

Nieritreritra aho hoe, "Tompo, avelao aho hamaly an'ity lehilahy manan-tsaina ity. Hitanao? Aoka fotsiny Ianao hamela ahy hamaly azy, any ho any, izay hanantona azy amin'ny tadiny manokana." Hia.

Hoy aho hoe, “Eny,” hoy aho, “tompoko, efa mba namaky an’ilay mpamokatra mozika malaza ve ianao izay antsoina hoe. . . ilay mpamoron-kira malaza antsoina hoe Beethoven?”

Hoy izy hoe, “Oh, azo antoka, efa namaky ny amin’i Beethoven aho.”

185 Hoy aho hoe, “Mety efa nandrovitra potipotin-taratasy tsy ilaina eran’ny harona fanariam-pako angamba izy, saingy nanome sangan’asa an’izao tontolo izao izy.” Tsy nanokatra ny vavany intsony izy ary tsy nilaza teny iray hafa. Hoy aho hoe, “Rehefa nipetraka tao amin’ny biraony izy teo ambanin’ny tsindrimandry, dia nanoratra zavatra iray izy. Niditra tao amin’ny biraony izy dia nivavaka. Tsy nety ilay izy, nopotehiny izany ary nariany tao anatin’ny harona fanariam-pako. Saingy rehefa nahavita izy, tao anatin’ny tsindrimandry rehetra, dia nahazo sangan’asa iray izao tontolo izao.”

Oh, mandidy toy ny ahoana ny Teny, saingy mamokatra sangan’asa Izany; ah-hah, esory ireo akofa sy taho rehetra. Hamokatra Sangan’asa Izany.

186 Manana fito minitra aho hilazana zavatra iray aminareo izay nitranga afak’omaly, mba hivoaka ara-potoana. Ny fahatelo Jolay, dia teto aho nipetraka tao amin’ny. . . io foibe eto io, foibem-pivarotana eo am-pitanay eto io. Efa tany Pigalle aho, tany Roma, tany Frantsa, ary efa tany New York City aho, Los Angeles. Saingy ny andiam-behivavy maloto indrindra izay hany hitako teo amin’ny fiainako dia Jeffersonville, Indiana. Tsy mbola nahita korontan-javatra sy loto betsaka teo amin’ny fiainako mihitsy aho tahaka an’izay hitako teo anivon’ireo olona ireo. Nipetraka teo aho hany ka narary ny foko, ary nanome ahy fahitana iray ny Tompo.

Ankehitriny hilaza an’ilay fahitana aho. Tsy fantatro raha afaka handika azy aho, fa izaho—izaho dia izao no fotoako voalohany hitantarana ny fahitana.

187 Tafiditra tao anatin’ny tsi-fahatsiarovan-tena aho. Ary, rehefa tafiditra aho, dia nisy Olona iray niaraka tamiko. Tsy nahita an’ilay Olona aho. Feo iray fotsiny izany. Ary izaho—izaho dia nijery. Ary raha izaho—izaho nijery tahaka an’izao, dia hoy Izy hoe, “Ho avy hiseho ho an’ny fahitana mialoha ny Ampakarina.”

Ary nijery aho, nanatona ahy, ary hitako ilay tena—tena andiany tsara tarehy indrindra amin’ny vehivavy madio fitafy izay hany hitako teo amin’ny fiainako. Fa ny tsirairay avy tamin’izy ireo, dia toy ny hoe, nitafy samihafa. Nanana volo lava izy rehetra. Ary lava tànan’akanjo sy zipo izy ireo, sy ny sisa. Vehivavy tanora, izy ireo dia toy ny hoe, hataoko hoe, eo amin’ny roapolo taona eo angamba.

188 Ankehitriny manana ny Baiboly misokatra aho eto anoloako eto. Hitanareo? Izay hitako ihany no azoko lazaina.

Raha hoy ianareo hoe, "Inona no jerenao?" Mijery ny famantaranandro aho. "Inona no tadiavinao?" Mitady olona aho, mijery olona. "Inona no jerenao?" Mijery ny Baiboly aho. Izany ilay izy. Miteny aminareo ny Fahamarinana aho. Izany no hitako. Ary izay hitako ihany no azoko lazaina. Izaho tsy—izaho tsy mahafantatra hoe inona ny . . . ny rehetra mikasika an'izany. Mila milaza aminareo fotsiny aho.

189 Fa, rehefa io Ampakarina io, Izy dia nijery mihitsy ny . . . Niresaka tamiko ilay anankiray, ary izaho, niara-nitsangana izahay. Ireo Masony, Izy no olona madio indrindra, mahafinaritra jerena indrindra izay hany hitako teo amin'ny fiainako. Toy ny hoe mety teo amin'ny roa ambin'ny folo teo izany, na mihoatra, izao fotsiny . . . Tsy fantatro hoe firy no teny aloha, fa nisy vondrona iray tamin'izy ireo teo. Ary nandalo Izy, moramora, niaraka tamin'ny feon-kira iray. Ary ireo Masony niandrandra, nandinika, raha nandalo Izy. Oh, tsara tarehy Izy! Nijery Azy aho, raha nandalo Izy. Hoy Izy hoe, "Ankehitriny dia hampandalovintsika . . . " Hoy Izy, "Io ny Ampakarina."

"Ankehitriny dia hampandalovintsika ireo fiangonana." Dia tonga izy ireo. Voamariko izy ireo fa tonga. Ary rehefa tonga izy ireo, ny tsirairay avy, toy ny hoe, ratsy indrindra. Tsy mbola nahita andiany maloto tahaka an'izany mihitsy aho teo amin'ny fiainako.

Ary rehefa hoy Izy hoe, "Manaraka," dia nandre tabataba iray aho. Ary hoy Izany hoe, "Manaraka," nanao hoe, "indro tonga ilay vondrona Amerikana."

190 Ankehitriny, Amerikana iray aho, saingy ity—ity dia nampaharary ahy. Tsy mahay mandaha-teny loatra aho mba, ao amin'ny mpanatrika mifangaro, mba hilazana izay niseho. Izaho—izaho—izaho . . . Ary mila mamaky ny eo amin'ny elanelan'ny andalana ianareo. Fa rehefa tonga ireo vehivavy, ny mpitarika azy ireo dia mpamosavy iray. Nanana orona lava lehibe izy sy vava goavana be iray. Ary nitafy karazan'akanjo hatreto izy rehetra; fa ny tampony dia nisy fatorana iray fotsiny, izay, anankiray kely fotsiny, teo amin'ny fatorana antsasaky ny inch izay niakatra sy nihodina tamin'izy ireo tahaka an'*izao*. Ary ny vehivavy tsirairay dia nanana zavatra iray izay . . .

191 Maro aminareo, taona maro lasa izay, no mahatsiaro fahiny rehefa nandidy an'ilay taratasy isika taloha, fantatrareo, gazety, ka nanamboatra fandroahan-dalitra tranainy iray? Firy no mahatsiaro an'izany? Fantatrareo. Nahoana, heveriko fa amin'ny karnavaly no ampiasan'izy ireo an'izany, fantatrareo. Mihantona tahaka an'izao, taratasy voahety ny sisiny, dantely taratasy.

Nanana zavatra iray izy ireo nohazonina teo ambaniny, tahaka an'*izao,* nohazonina teo ambaniny. Ny rehetra tamin'*ity* ampahany ity dia niseho.

Ary nanana volo tapaka tena fohy ny tsirairay avy, ary nisy zavatra niolankolana teo ambonin'izany tahaka an'izao, volo tapaka tena fohy; sy feno lokon-tarehy. Tsy nisy afa-tsy toy ny mpivarotena an-dàlambe tanteraka.

Ary namindra niaraka tamin'io taratasy io izy ireo, ary, ny faharatsiana! Ankehitriny, ilay taratasy no nohazonina teo anoloan'izy ireo. Fa rehefa nandalo an'ilay toeram-pijerena izy ireo, ny tao an-damosin'izy ireo . . . Ary ny mahita ny fomba nandrosoan'izy ireo, ny teo amin'ny ilany aloha indrindra sy ny lamosiny, sy ny hoe ahoana no nihetsehan'izy ireo!

Hoy aho hoe, "Izao ve ilay Fiangonana?"

192 Ary nandeha teo izy ireo. Ary nihira an'ilay hiran'ny twist-and-roll eto izy ireo, fantatrareo, na izay iantsoanareo azy, nandeha teo, nihira an'izany ary nandalo.

Hoy aho hoe, "Izao ve ilay Fiangonana?" Ary nijoro teo aho, ary nitomany tato am-poko aho.

Ary, io mpamosavy io, araka ny hevitro dia tsy misy zavatra hafa mihitsy afa-tsy ny hoe izy dia ny . . . Izy no ilay Fivoriamben'ny Fiangonana Maneran-tany, nitarika azy ireo avy hatrany ho any amin'ny làlana izay nalehany. Nandeha nankany amin'ny ankavia izy ireo, ary nanjavona tao amin'ny fahapotehana; mbola nitendry an'ilay mozika foana ary nanao feo tena hafahafa, ary nanetsiketsika ny vatany, tamin'ny ilany anankiray ary avy eo tamin'ny ilany hafa. Ary avy eo, tahaka an'izany, nanao hadalana tahaka an'izany, namindra.

193 Ary vao nanomboka nanondrika ny lohako fotsiny aho, dia hoy Izy hoe, "Andraso, tsy maintsy tonga indray ny Ampakarina."

Dia nijery aho, ary indro izy ireo fa tonga indray. Ary nandalo izy ireo, ramatoa kely mahafinaritra jerena. Nijery ahy izy rehetra, raha nandalo izy ireo. Ary voamariko fa ny tsirairay avy dia nitafy samihafa. Ary ny anankiray tany aoriana dia nanana karazana volo lava nihantona, ary nanolana azy tahaka an'*izao*; mety ho Alemandy na zavatra tahaka an'izany. Dia nandinika azy ireo aho.

Ary avy eo raha nanomboka lasa izy ireo, ny roa na ny telo tamin'izy ireo, tany aoriana, dia niala an-daharana kely, ka niantsoantso mafy azy ireo aho. Ary niezaka ny hiverina tamin'ilay laharana indray izy ireo. Dia hitako izy ireo, niha-levona sy niova fotsiny ilay fahitana, niala tamiko.

194 Ankehitriny indro ny fandikana an'izany. Ny antony . . . Ankehitriny, tsarovy, vao avy namarana ny fanoratana aho . . . Tsy vitako, tsy mbola nanoratra an'ireto naoty ireto aho. Fa

teo am-pitoriana, izao maraina izao, no nahazoako hoe inona ilay izy, tao amin'ny toriteniko mihitsy. Voamarikareo ve, ilay fiangonana dia tonga fotsiny ihany teo amin'ny fisehoana . . .

Ankehitriny, izany no Fahamarinana, ry sakaiza. Ny Ray An-danitra, Izay manoratra ny Teny, no mahafantatra fa miteny ny Fahamarinana aho. Hitanareo? Fantatro fa milaza ny Fahamarinana fotsiny aho.

Ary tsy nahafantatra an'izany aho raha tsy vao minitra vitsy lasa fotsiny izay, tahaka an'izany, na vao haingana mihitsy, hitanareo. Voamarikareo ve? Tonga tamin'ny fisehoana indroa ny Ampakarina; ilay Voa voalohany sy ilay Voa faharoa, izy roa dia ilay Iray ihany marina tokoa. Ary ny antony niakanjoan'izy ireo . . . nitafiany tamin'ny ampahany samihafa, Izy dia ho avy amin'ny firenena rehetra, izany no hanao an'ilay Ampakarina. Nanana volo lava ny tsirairay avy, ary tsy nisy lokon-tarehy, fa tena zazavavy tsara tarehy. Ary nandinika ahy izy ireo. Izany no naneho an'ilay Ampakarina mivoaka avy amin'ny firenena rehetra. Hitanareo? Izy, ny tsirairay avy dia naneho firenena iray, raha namindra tanteraka tao amin'ilay laharana niaraka tamin'ny Teny izy ireo. Hitanareo?

195 Ary, amin'izay fotoana izay, dia tsy maintsy miambina Azy aho. Hivoaka amin'ilay laharana miaraka amin'ny Teny Izy raha tsy miambina aho, rehefa handalo Izy, raha mandalo Izy. Angamba ho amin'ny androko izany, rehefa mahavita aho, hitanareo, rehefa vita ny amiko, na inona na inona ilay izy.

196 Inona? Niverina izy ireo. Niezaka ny tsarany indrindra, ary niverina, niditra an-daharana mihitsy; satria, izy ireo—izy ireo dia nijery tany an-kafa tany ho any, nandinika ny amin'io fiangonana izay vao avy niditra tao amin'ny fahapotehana io. Fa ny roa . . . Ireo teny aloha, tsy nandinika mihitsy. Ireo taty aoriana, roa na telo tamin'izy ireo fotsiny, no somary nivoaka kely nankany amin'ny ilany ankavanana, ary toy ny hoe niezaka hiverina an-daharana indray raha nandalo izy ireo. Nandalo ahy fotsiny izy ireo, oh, avy eto ka hatreny amin'ny rindrina, nandalo ahy. Ary nijoro teo aho. Ka tamin'izay fotoana izay dia nahita azy rehetra nivoaka sy lasa fotsiny aho.

Fa, voamarikareo, indray mandeha fotsiny ihany no tonga teo amin'ny fisehoana ilay fiangonana, ny firenena tsirairay avy, ilay fiangonana. Fa ny Ampakarina kosa dia tonga indroa. Hitanareo, hitanareo ve hoe inona izany? Ankehitriny, tsy fantatro ilay izy, fa jereo miaraka amin'ny Hafatro izao maraina izao izany. Tsy fantatro izany. Hitanareo?

197 Nilatsaka tamin'ny tany ilay Voa tao Nise. Izany ilay Voa tany am-boalohany. Ary nandalo tamin'ilay dingan'ireo anaram-piangonana ireo Izy, izay tonga indray mandeha fotsiny ihany teo amin'ny fisiana. Fa ny Ampakarina kosa dia miverina

indray amin'ny andro farany. "Izaho no hamerina." Hitanareo, natsangana ilay Sangan'asa. Izany no antony nahatonga Azy tao amin'ny fisehoana, nampandalovina, fanindroany. Nampandalovina voalohany Izy, avy eo dia nampandalovina fanindroany izy. Ary Izy dia tena, tamin'ny fanindroany, nitovy tanteraka tahaka Azy tamin'ny voalohany. O Andriamanitra, mamindrà fo! Haingàna, haingàna, haingàna, ry Aina, midira ao amin'ilay Voa, haingana mihitsy! Ah-hah.

198 Ny hafa rehetra dia tsy niseho intsony. Lasa izy ireo, tsy niverina intsony indray.

Fa niverina ny Ampakarina, satria Izy no Alfa sy Omega. Andriamanitra, ilay Mpanao sokitra lehibe, no nanao Azy ho Sangan'asa iray, satria Izany no silak'Ilay Sangan'asany voalohany. Tahaka ny Nataony tao amin'ny sahan'i Edena, ka naka silaka iray avy tamin'izany, sy nanao silaka hafa iray ary simba izany ka lavo, ankehitriny dia nanorina an'izany indray Izy nandritr'io fotoana rehetra io. Ary namoaka an'io Sangan'asa io Izy, ka nokapohina, mba . . . Io ampahany izay nokapohina io, dia mba hamerenana indray an'io Sangan'asa io, indray.

199 Noho izany, ilay Sangan'asa sy ilay Zanak'Andriamanitra, ilay Sangan'asa sy ilay Ampakarina, ary Izany dia silaka iray avy Aminy, izay tsy maintsy ny fahatanterahan'ny Teny. Efa tanteraka ny Teny, ary vonona ho amin'ny Fihavian'ny Tompo isika.

200 O ry Fiangonan'Andriamanitra velona, ahondreo ny fonareo sy ny—ny tenanareo eo anatrehan'Andriamanitra. Marina ireo zavatra ireo. Fantatro fa tahaka an'izany no andrenesana azy, toy ny zavatra iray lehibe izay hisy, hiparitaka manerana ny firenena. Tsy mbola nisy mihitsy izany. Tsy manova ny Fombany Izy. Mankasitraha fotsiny, ry Fiangonana, mankasitraha fa eo amin'izay misy anareo ianareo amin'izao andro izao raha ao amin'i Kristy. Satria, hitanareo, ankehitriny, ary rehefa io . . .

201 Tsarovy, hiangona avy hatrany ao anatin'ilay Voa io Aina rehetra io, ho an'ny fitsanganana, fa ilay taho kosa dia tsy maintsy dorana. Ny sisa amin'izany; ilay taho sy ny rehetra, dia tsy maintsy potehina, ary hisy izany. Aza matoky amin'ny anareo, ireo anaram-piangonana ireo. Mijanòna ianareo ao amin'ny Teny, ilay Aina, Andriamanitra sy Ny Sangan'asany.

202 Noho izany dia inona no ao amin'ilay Arivo taona? Kristy sy Ny Ampakariny, miverina ao amin'ilay sahan'ny Arivo taona. Amena!

Tiako Izy, tiako Izy
Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

203 Teo Izy no nokapohana. "Isika dia nanao Azy ho novelesina, nokapohan'Andriamanitra, sy nampahoriana. Fa voalefona Izy nohon'ny fahadisoantsika, notorotoroina Izy nohon'ny helotsika."

204 Misy ve eto, izao maraina izao, izay tsy ao anatin'io Voa io izao maraina izao? Ary raha eo am-pisintonana ny silany farany avy ao amin'ny akofa ilay Aina ankehitriny, satria miha-maina ilay akofa. Firy no mahafantatra fa miha-maina ilay fiangonana Pentekotista? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Inona izany? Niala taminy ny Aina. Am-pahatsorana, lasa izy. Ary raha efa eo amin'ny fahitana mialoha io Ampakarina io, dia manontany aho raha tsy efa voamboatra ilay Ampakarina, amin'izay fotoana izay. [Manomboka misamonomonona Rahalahy Branham, *Tiako Izy*.]

. . . tiako Izy, tiako Izy
Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

205 Miaraka amin'ny lohantsika miondrika ankehitriny. Misy sasantsasany ve eto izay te-ho tsarovana? Raha mahatsapa ianareo fa ianareo dia tsy. . .

Ry sakaiza, mazava loatra ilay izy. Tsy nanana fahitana iray aho teo amin'ny fiainako, ka tsy nisy zavatra nitranga, nanaraka. Milaza ny Fahamarinana aho. Nandritr'ireo fotoana hafa rehetra ireo, raha nilaza ny Fahamarinana aho, dia nanaporofo an'izany Andriamanitra. Noho izany, milaza ny Fahamarinana aho amin'izao fotoana izao.

206 Tsy fantatro hoe andro inona no iainantsika, saingy fantatro kosa fa tsy misy na inona na inona tavela intsony. Tsy mety hisy politisiana iray hitsangana ka afaka hanitsy an'io zavatra io. Ny politika, ny firenena dia vita. O Andriamanitra! Afaka ve ianareo, afaka hidina lalina mihitsy ve ianareo mba—mba—mba hahatsapa an'izany. Vita ny firenena; tsy ny firenena, fa ireo firenena. Izao no tsara indrindra amin'ilay andiany, nefa vita izy. Noho izany, raha vita ireo firenena, dia vita izao tontolo izao. Ary ireo fiangonana, araka ny hevitro, ny Pentekosta no tsara indrindra nananan'izy ireo, saingy vita izy.

O Andriamanitra, mamindrà fo aminay!

207 Raha tsy mahafantatra Azy ianareo, azafady haingàna, haingàna. Raha mahatsapa ny Aina ianareo, dia mivoaha avy ao amin'ny. . .mivoaha avy ao amin'ny otanareo, mivoaha avy ao amin'ny zavatra izay misy anareo. Tongava eo amin'ilay Voa, haingana mihitsy. Ho faty ao amin'ilay taho ianareo, na ao amin'ilay akofa.

Mivavaha, raha mihira isika ankehitriny. "Tiako Izy."

Miankina aminareo izany ankehitriny. Tsy manana anaram-piangonana izahay, tsy misy na inona na inona. Kristy irery ihany no anananay. Manasa anareo izahay hanompo miaraka Aminy, miaraka aminay, mandra-Pihaviny. Tsy afaka mametraka ny anaranareo ao amin'ny boky izahay; tsy manana boky izahay. Tianay ho ao anatin'ny Bokin'ny Fiainana ny anaranareo. Amin'ny alàlan'ny Fahaterahana irery ihany no ahafahanareo manao an'izany. Hanao an'izany ve ianareo izao ankehitriny izao? Mangataha Fiainana vaovao amin'i Kristy, hampiditra anareo, hametraka ny anaranareo ao amin'Ny Bokiny, raha tsy ao izany. Amin'izay fotoana izay, dia afaka miombona aminay ianareo, ho tianay ny hanana anareo. "Izaho . . . "

208 Andriamanitra malala, ampio ny olona tsirairay avy ankehitriny hanao jery todika, hahita raha ao Aminy izahay. Nitia anay Ianao. Nokapohana ho anay Ianao, ary izahay dia nanao Anao ho nokapohana sy nampahorian'Andriamanitra. Mivavaka aho, Andriamanitra, mba Hiantsoanao ny tsirairay avy. Tompo, mitenena amin'ny zanako, ireo malalako, ireo sakaizako. Ekeo izany, Tompo, izao ankehitriny izao, amin'ny alàlan'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

209 Aoka ny olona rehetra tsy hiandry ela loatra, Tompo. Toy ny tena akaiky mihitsy. Efa tena masaka ilay vokatra. Handeha manerana ny tany ilay milina lehibe fijinjan'Andriamanitra indray andro any, hanidina amin'ny lafiny rehetra ireo mololo; fa ilay Vary kosa dia hangonina ho ao an-tsompitra, hakarina, satria ao Aminy ny Aina. Ekeo, Tompo, ny fangatahana tsirairay mba ho voavaly, ny vavaka tsirairay mba ho voaseho eo Anatrehanao.

210 Mivavaka ho azy ireo aho, Tompo. Mivavaka aho mba tsy Havelanao ho very ny anankiray izay ato, Tompo. Izy ireo—izy ireo—izy ireo dia mipetraka eo ambanin'ny fahasarotana; izy ireo—izy ireo—izy ireo dia nitondra fiara an-jatony maily. Ary na inona na inona ilainay, dia omeo anay izany, Tompo, na inona na inona tsara ho anay, Tompo; tsy hoe izay tsara eo imasonay, fa izay tsara eo Imasonao. Te-hijoro ho virijiny madio izay efa nodiovina izahay, nanarin'Andriamanitra, mba hahatonga anay ho voadio amin'ny otanay. Ary manolotra ny fivavahako ho azy ireo aho, Tompo.

211 Izaho—izaho—izaho dia tsy mahafantatra hoe ahoana no fivavaka. Izahay—izahay dia miresaka amin'ilay Andriamanitra Mahery. Ary olombelona iza moa, mety maty iza no afaka hanao ny karazam-bavaka marina eo anatrehan'ilay Andriamanitra velona? Fa, Tompo, ireo teniko ratsy fanonona, sy ireo—sy ireo enti-milazako sy mpisolo anarana ao amin'ny—ao amin'ny toerana diso; raha afaka naka an'ireo ABD ho an'ny zazalahy kely Ianao indray andro,

ka—ka nanao fehezan-teny iray, Ianao—Ianao dia afaka manadino an'ireo enti-milazako sy mpisolo anarana ary hijery fotsiny an'izay inoako, Tompo.

Mino Anao aho. Mino an'ity Teny ity aho. Ary mino ho an'ny tsirairay avy eto aho. Ary izaho—izaho dia mitondra azy ireo eto amin'ilay Alitara, Tompo, amin'ny finoana, ka ny eo anelanelanay sy ilay Jehovah Lehibe dia ny Ràn'Ny Zanany, Jesosy. Ary ny Rà no hiteny ho anay. Rehefa nikapoka Azy Ianao teo Kalvary, dia hoy Ianao hoe, "Mitenena!" "Henoy Izy!" "Ary ny Rà," hoy ny Baiboly, "dia miteny zavatra tsara lavitra noho ny ràn'ny zanak'ondry tao amin'ny Testamenta Taloha, satria ny Ràn'i Kristy dia miteny tsara lavitra noho ny ràn'i Abela; zavatra tsara lavitra." Ary mitenena, Tompo, fanavotana ho anay, raha miantso amin'ny alàlan'ny Rà izahay.

212 Rain'ny Fiainana Lehibe, ampidiro izahay, Tompo. Raha izahay—raha nanota izahay, esory aminay izany. Izahay, tsy te-ho tahaka an'izany izahay, Tompo. Tsy izany no fikasanay.

Ary fantatray fa miaina ao anatin'ny fomba tena mahatsiravina, maizina izahay. Araka ny nolazainay tany am-piandohana, fa miakatra tendrombohitra iray izahay, mandalo amin'ny toerana mikitaontaona. Matroka ilay làlan-kely, saingy mitondra an'ilay Hazavana izahay. Enga anie izahay hahita, isaky ny dingana, raha mandeha izahay ankehitriny; mandra-pihaonanay, tahaka ny *Pilgrim's Progress,* mandra-pahatratranay ny tampon'ilay Havoana amin'ny farany. Tariho làlana izahay, O ry Mpiandry ondry. Jehovah Lehibe, tariho amin'Ny Fanahinao izahay.

213 Ary fantatray fa lavitra anay ny ho sangan'asa iray; saingy mijery an'izay nanendahana anay izahay, ilay tena Sangan'asa, ary Izy no itokianay. Raiso ho eo Aminy fotsiny izahay, Tompo. Ekeo izany, Tompo.

214 Sitrano ny olona marary rehetra eto, Tompo. "Isika dia nanao Azy ho nokapohana sy nampahoriana. Nefa Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika." Nokapohana ny Sangan'asan'Andriamanitra. "Ary Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika; ny Dian-kapony no nahasitranana antsika." Sitrano ny marary, Tompo, ao amin'Ny Fanatrehanao Masina ankehitriny, raha mbola fantatray fa eto Ianao.

215 Diovy ny fanahinay, ny fonay, amin'ny ratsy rehetra, amin'ny eritreri-dratsy rehetra, ny fiteny ratsy rehetra, ny zavatra rehetra izay ratsy. Diovy izahay. Ary mivavaka izahay, Ray, mba Hanasitrananao ny aretinay, ka aoka izahay hiala eto hahatsapa fa izahay dia Zanakao nohamasinina. Ary miaraka amin'ilay Rà eo aminay, dia miteny amin'ny alàlan'ny Rà izahay, ny Teny. Ekeo izany, Tompo. Mangataka amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy izahay. Amena.

216 Andriamanitra Ray, eo ambonin'ireto mosara ireto, hosory amin'Ny Fanatrehanao izy ireo, Tompo. Enga anie Ny Fanatrehanao homba azy ireo na aiza na aiza alehan'izy ireo. Na inona na inona apetrak'izy ireo eo amboniny, eo amin'ny vatana marary rehetra, dia enga anie izy ireo ho sitrana. Ary na inona na inona, raha tokantrano iray rava any ho any izany, dia amboary izany, Tompo, ilay Mpanao sokitra lehibe. Ekeo izany, Tompo.

217 Volavolao izahay, ary ataovy zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra izahay. Mino izahay fa eo am-pandraisana ny fikosehany farany ny Ampakarina. Ho voakapoka avy ao amin'ny rafi-pandaminana manontolo Izy, izy rehetra, ary amin'izay fotoana izay dia ho eto ilay fijinjana lehibe. Mandra-pahatongan'izany, Tompo, dia ataovy salama sy sambatra izy ireo, mba hanompo Anao. Amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

Tiako Izy, izaho . . . (Tena tia Azy marina ve ianareo?)
Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo . . .

218 Azonareo ve ankehitriny hoe nahoana aho no mandevilevy anareo? Izany dia tsy satria hoe tiako ianareo . . . tsy hoe satria tsy tiako ianareo. Tena tiako ianareo. Mila Sangan'asa iray ho an'ilay Tompo aho. Mety tsy maintsy handrovitra vitsivitsy tahaka an'izany aho, fa hanana Sangan'asa iray aho, indray andro any, raha mihazona tsara an'izany eo amin'ity Teny ity aho. Marina.

219 Ankehitriny hoy Jesosy hoe, "Izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa Mpianatro ianareo, raha mifankatia ianareo." Tokony ho tena mifankatia isika!

Isaorana anie ilay tady izay mamatotra
Ny fontsika ao amin'ny fitiavana Kristiana;
Ny fiombonan'ny firaisan-tsaina
Dia mitovy amin'ilay any Ambony.

Ndao isika handray ny tànan'ny hafa.

Rehefa tafasaraka isika,
Dia manome antsika fanaintainana anaty izany;
Fa mbola hifandray am-po foana isika,
Ary manantena ny hihaona indray.

Raiso eo aminao ny Anaran'i Jesosy,
Ry zanaky ny alahelo sy fahoriana;
Hanome fifaliana sy fiononana ho anao izany,
Raiso izy na aiza na aiza alehanao.

Anarana sarobidy, O tena mamy!
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra;
Anarana sarobidy, O tena mamy!
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra.

Ankehitriny tsarovy, ao amin'ny dianareo:

Raiso eo aminao ny Anaran'i Jesosy,
Ho ampinga amin'ny ahiahy rehetra;
Rehefa tonga aminao ny fakam-panahy
mi-. . . (Inona no ataonareo amin'izay
fotoana izay?) . . . -angona,
Bitsiho am-bavaka fotsiny ilay Anarana
masina.

O Anarana Sarobidy, O tena mamy!
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra;
Anarana sarobidy, O tena mamy!
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra.

Mandra-pihaonantsika!

Ndao isika hanondrika ny lohantsika. Oh, tiako ny mihira!

Mandra-pihaonantsika eo an-tongotr'i Jesosy;
Mandra-pihaonantsika!
mandra-pihaonantsika!
Homba anao anie Andriamanitra!

ILAY SANGAN'ASA MAG64-0705
(The Masterpiece)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alahady maraina, 5 Jolay, 1964, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2015 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org